MAHABO

# ZAZA 5 AVY ETO AN-DRENIVOHITRA, NOBATAIN'NY VAHINY TAO ANATY FIARA 4X4

14

MARINA IZANY !

TSY NAHAVAHA OLANA !

7

Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7822 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Zoma 15 martsa 2024

IZY NO IZY

5

MANJAKA HERY R.

TSO-PIAINA, TIA MANAMPY NY TSY MANANA MPIAHY



Cafa...sika

15

MIALY ANDRIANTSIFERANA

"TOERAN'NY NOFINOFY ATY CHINE RAHA FINTININA"

TOURNOI INTER MÉDIAS 2024

RAIKITRA NY ANDIANY FAHATELO

3

FITATERANA AN'HABAKABAKA

10

HAMPIDITRA FIARAMANIDINA 2 VAOVAO NY FANJAKANA

DELESTAZY

9

# NIDINA AN-DALAMBE NY MPONIN'I TOAMASINA

FILOHA ANDRY RAJOELINA

4





# HENTITRA NY TOROMARIKA HIADIANA AMIN'NY TSY FANDRIAMPAHALEMANA






## PASI PASI

Ratafika Hary

# Anatin'ny ràn'izy mianakavy ny karate

*Anisan'ny olobe nalaza teo amin'ny taranja karate izany Ratafika Adolphe izany. Notohizan'ny zanany, Ratafika Hary izany avy eo ary amin'izao dia miangaly izany taranja izany koa ireo zafikeliny mirahavavy, Tsiory sy Ny Aina. Ity fianakaviana ity no vahinintsika eto amin'ny PASI pasi anio.*






**Efa rà mikoriana anatin'izy ireo ny fitiavana ny taranja karate.**

**Gazetiko** : Anaranao feno.
**Ratafika Hary :** Ratafika Hary.
**Gazetiko** : Firy taona dia mbola manao karaté ve ? ao amin'ny klioban'iza ?
**RH** : 54 taona, mbola manao karaté sady mampianatra karaté ao amin'ny club Shobukan Dojo. Ny dadako Maître Ratafika Adolphe(efa nodimandry) no namorona azy tamin'ny taona 1976.
**Gazetiko** : Nanomboka firy taona ianao no nanao karaté ?
**RH :** Tamin'ny faha-10 taona no nanombohako nanao karaté.
**Gazetiko** : Firy ny zanakao ? Iza avy dia manao Karaté daholo ve ?
**RH** : Roa vavy ny zanako, Ratafika Tsiory Hasimbola (19 taona), Ratafika Mihajatia Ny Aina (17 taona). Samy manao karaté daholo izy roa.
**Gazetiko** : Noterena sa efa tao anatin'ny ràn'ireo zanakao ny Karaté ?
**RH** : Tsy noterena fa efa nolovainy hatrany amin'ny dadabeany angamba.
**Gazetiko** : Efa nisy voantso handrafitra ny ekipam-pirenena ve ny zanakao ?
**RH** : Ratafika Tsiory no voantso foana tao anaty ekipam-pirenena nanom-boka tamin'izy sokajy "cadette" hatramin'izy Sénior, talohan' ny nandehanany nandrato fianarana any la Frantsa. Fa mbola manohy foana izy ary mandray anjara amin'ny fifaninanana any Frantsa.
**Gazetiko** : Ahoana izany hoe miaraka manao karaté inareo mianakavy ?
**RH** : Mahafinaritra rehefa tafaraka mikotrana izahay, fa vao miditra ny dojo dia efa tsy zanaka intsony no handraisako azy ireo fa mitovy amin'ny ankizy rehetra mba tsy hisian'ny fitongilanana eo amin'ny mpianatra.
**Gazetiko** : Ankoatra ny karaté, inona no fialambolinareo mianakavy ?
**RH** : Ankoatra ny karaté dia tia mivoaka kely miala ny Renivohitra, mijery film, manao karaoké, manao spaoro hafa.
**Gazetiko** : Fanentanana ataonareo ho an'ny fianakaviana mba hanao spaoro.
**RH** : Manentana ny fianakaviana mba hitarika na hampiditra ny zanaka hanao fanatanjahantena, fa ankoatra ny fahasalamana azo dia tsy very fotoana amin'ny rendrarendra isan-karazany ny ankizy. Manampy betsaka amin'ny fianarana sy fiainana ny fanatanjahantena. Ary tombony ho an'ny taranja haiady ny fahaizana miaro tena amin'izao efa tany tsy milamina izao.

**Rabenaivo**

Rugby - Makis vehivavy

# Nahazo tso-drano tamin'ny Minisitra Resampa André

Nanainga omaly tolakandro nihazo an'i Accra Ghana ny Makis de Madagasikara, hiatrika ny Lalao afrikanina, eo amin'ny taranja Rugby. Talohan'ny namonjena an' Ivato dia tonga tetsy amin' ny kianja Makis Andohatapenaka ny Minisitra ny Tanora sy Fanatanjahantena, André Haja Resampa, nitsidika, nanome hery ary nitso-drano ny delegasiona. Tsy tonga tamin'ny tanampolo fa nitondra voatsirambina kely hatao vatsindalana ho an'ireto delegasiona ireto. Nambrany fa tsy ny fandraisana anjara intsony no zava-dehibe fa ny fandresena rehefa miatrika fifaninanana iraisampirenena any ivelany ny



**Tonga nanome tso-drano sy vatsin-dalana ho azy ireto tetsy Andohatapenaka Ingahy Minisitra Haja Resampa omaly. (Sary : Kelly R.)**

solontenantsika. Nohamafisiny fa tena tia fanatanjahantena ny filoham-pirenena ary anisan'izany ny taranja baolina lavalava. Eo akaikinareo, manohana hatrany izy, hoy hatrany Ingahy Minisitra, raha naniraka anay hanome tso-drano izao. Nisaotra ny fitondram-panjakana nosoloin'ity minisitra ity tena moa i Claudia, kapitenin'ny Makis de Madagascar, izay nanome toky fa hanao izay fara-heriny handrombahana ny medaly volamena, mandritra ity andiany faha-28 amin'ny Lalao Afrikanina ity. Nanamafy izany koa ny filohan'ny Malagasy Rugby, ny amin'ny hananana fanantenana ny hahazoantsika izany medaly volamena izany. Ho an'i Mamy, mpanazatra, dia nazava ny teniny fa azo atao tsara ny mahazo ny laharana voalohany. Na izany aza dia tsy maintsy mandingana an-dry Kenya sy Ouganda, izay sangany amin'ity fifaninanana ity. Mitovy amin'ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika mihitsy moa izany, hoy hatrany i Mamy kely.

**Rabenaivo**

## TSIPAKA

Etsy amin'ny tranoben'ny baolina kitra Isoraka avokoa ny mason'ny mpanara-baovao rehetra amin'izao fotoana izao, miandry izay fanapahan-kevitra avoakany, mahakasika ilay savorovoro nitranga tany Toliara, nandritra ny fihaonan'ny 3FB Toliara sy ny Dato Fc, tafiditra amin'ny fifaninanana "Pureplay Football League".

### Aoka izay !

Tsy hiverenana intsony ilay zava-nitranga, efa samy nahita sy nanaraka ireo fanehoan-kevitra maro isan-karazany ihany koa ny rehetra ka aleo ny fanapahan-kevitra avoakan'ny federasiona no andrasana sy hanaovana ady hevitra raha toa ka ilaina izany. Mahakasika izay, na ho inona valiny, enga anie mba tena samy hahay handray izany amin'ny maso mahitsy ny rehetra. Azo lazaina fa saro-toerana ny federasiona hamoaka izany, saingy antenaina fa hipetraka tanteraka amin'ny maha Raiamandreny azy izy. Adidiny rahateo ny mandamina ny olana miteraka fisavorovoroana eo amin'ireo zanany. Mba ho sazy tsy hiverenan'izany amin'ny manaraka ihany koa anefa no hivoaka eo, fa tsy sanatria ohatra ny an'ny mpanolana ka araka ny nanenjanana ny sazy vao mainka misy hatrany ireo tsy misy saina minia manao izany. Antenaina fa olon-kendry sy manan-tsaina ny mpilalao, ny mpanazatra, ny mpitantana isan-tsokajiny eny anivon'ny baolina kitra, ka tsy voatery hiandry sazy fa hahay hampandefitra hatrany ny fahatezerana, tsy hahatongavana amin'ny fifamaliana sy fifampikasihan-tanana amin'ny manaraka, ka mba tena hampiharina ara-bakiteny fa tsy mijanona ho soratra fotsiny ihany ny hoe « My Game is Fair-play ».

**Rabenaivo**

Judo - Fifanintsanana JO 2024

# Miandrandra an'i Laura Rasoanaivo ny Malagasy



**Miandrandra ity mpanjakavavin'ny judo malagasy ity avokoa ny Malagasy rehetra.**

Taorian'ny medaly volamena azony tatsy Accra Ghana, nandritra ny Lalao Afrikanina, dia ny Lalao Olympika indray no miandry an'i Laura Rasoanaivo, eo amin'ny taranja Judo. Mbola mafy ny ady ho azy, satria tsy maintsy miatrika ireo fifaninanana maromaro hahazoana isa raha tiana ny hahazo ny tapakila handehanana any Paris Frantsa. Raha ny vaovao voaray dia ny « Grand Slam », hotanterahana atsy Antalya Torkia amin'ny 29 hatramin'ny 31 martsa izao no voalohany. Aorian'io ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika, hatao atsy Le Caire Ejypta, amin'ny 25 hatramin'ny 28 avrily, izay tsy maintsy hatrehan'i Laura. Antony, mety ho eo no hahazoana ny tapakila raha tafavoaka tompondaka. Araka ny fantatra dia isa hatramin'ny 700 no azon'izay judokas mandrombaka ny anaram-boninahitra mandritra ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika io. Antenaina fa hitsiky ho an'ity judoka malagasy ity ny vintana mandritra izany. Raha sanatria mbola tsy tafa i Laura eo dia mbola misy ny fiadiana ny tompondaka eran-tany, hotanterahina any Abudhabi, ny 19 hatramin'ny 24 may. Raha io fandaharampotoanany feno dia feno io, dia mety tsy ho anisan'ny handray anjara amin'ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara, hotanterahina amin'ny 27- 28 martsa etsy amin'ny kianja mitafon'Ankorondrano ity mpanjakavavin'ny judo malagasy ity. Ankoatra ny havizanana dia mila mitandrina amin'ny faharatrana mety mahazo tampoka ihany koa ny tenany.

**Rabenaivo**

"Tournoi Inter-Médias 2024"

# Vonona hanatanteraka ny andiany faha-3 ny OJM - UJSM - JOB - AJJM - JBC

Hanamafisana hatrany ny firaisan-kina sy ny fifandraisana ary ny fifaneraserana eo amin'ny samy mpanao gazety, dia tapakevitra ny mpitantana ny Holafitry ny Mpanao Gazety eto Madagasikara, tarihindRtoa Rasoloarison Monica, ka nampiantso ny tomponandraikitry ny sampana miara-dia aminy, toy ny *Union des Journalistes Sportifs de Madagascar (UJSM)* – *JOurnalistes BAsketteuses (JOBA)* – *Journalistes Basketball Club (JBC)* – *Association des Jeunes journalistes de Madagascar (AJJM)*, hanatanteraka ny andiany faha-3 amin'ny "*Tournoi Inter-Médias 2024* ", izay hatao amin'ny zoma 03 mey 2024 eto an-drenivohitra. Tafiditra indrindra ao anatin'ny fankalazana ny andro erantany ho amin'ny fahalalahan' ny asa fanaovan-gazety ity fifaninanana ara-panatanjahantena eto amintsika ity. Raha any Chili no anamarihan'ny UNESCO ny andiany faha-31 ny "*Journée Mondiale de la Liberté de la Presse (J.M.L.P)*". Zava-dehibe eo amin'ny tontolon'ny asa fanaovangazety tokoa ny fisian'ny hetsika tahaka izao, ampiraisana ny herin'ny mpanao gazety malagasy rehetra, tsy ho voazarazaran'ny firehan-kevitra samy hafa, izay hafanafana tokoa amin'io volana mey io noho ny fitsokan'ny rivo-pifidianana pôlitika eto amintsika. Tsiahivina fa tamin'ny taondasa dia ny taranja baolina kitra sy ny basket-ball "Mixte" no nentina nankalazana ny J.M.L.P, izay notanterahina teny amin'ny kianjaben'i Mahamasina ka nahavory orinasa mpanao gazety maro na teo amin'ny an-tsoratra (écrite) izany na tamin'ny haino vaky jery (audio visuel). Nisy solontena ihany ny mpanao gazety avy any amin'ny faritra sasany fa vitsy. Heverina kosa anefa fa amin'ity indray mitoraka ity dia ho maro izy ireny. Tsetsatsetsa tsy aritra fotsiny no anamarihana fa tokony ho hentitra ny tomponandraikitra, hanadihady sy hisava marina ny karatra maha mpiasa amin' ny orinasa fanaovan-gazety. Marihina mantsy fa noho ny fahavitsian'ny tena mpanao gazety manao fanatanjahantena eny ambony kianja, dia napetraka ny fitsipidalao ka nekena ny fandraisan'ny mpiasa rehetra anjara, rehefa mazava ny fiasany ao amin'ny orinasa fanaovan-gazety.



**Mampiray ny fanaovana fanatanjahantena !**

**aris rafaly**

"Union des Journalistes Sportifs de Madagascar"

# Tsy hanao ambanin-javatra ny fampiofanana ny mpikambana ao anatiny

Fikambanana ao anatin'ny fianakaviamben'ny "*Ordre des Journalistes de Madagascar* (O.J.M)" ny "*Union des Journalistes Sportifs de Madagascar (U.J.S.M)*" , ary miroborobo tokoa amin'ny fitombon'ny mpikambana ao anatiny. Ara-tantara dia nisalotra ny anarana hoe "*Association des Journalistes Sportifs de Madagascar (AJSM)*" ny UJSM taloha. Noho ny disadisa ara-pitsarana nisy tamin'ny mpitantana azy dia tsy azo nampiasaina intsony AJSM. Araka izany dia nitady lalànkizorana ny mpanao gazety matihanina amin'ny fikirakirana ny taranja ara-panatanjahantena ka namorona ny UJSM, izay efa mihodina tsara ankehitriny. Anisan'ny laharam-pahamehana amin' ny hetsika ataony amin'ity taom-pilalaovana ity, dia ny fampiofanana an'ireo mpikambana ao anatiny. Maro mantsy ny zandry olona miditra amin'ity asa ity, ka rariny sy hitsiny raha omena fiofana izy ireny. Notapahina ny hevitra fa hisy fivoriana sy fiofanana hatao isankerinandro na isam-bolana. Ankoatra an'izany dia nanterin'Atoa Serge Rasanda, Filohan'ny UJSM, ihany koa fa ilaina sy takiana ny firaisankinan'ny mpikambana amin'ny zavatra mahazo azy (ara-boina, ara-pahasoavana –…). Tsy atao ambanin-javatra ihany koa ny fiaraha-miasa amin'ny mpitantana taranja arapanatanjahantena, izay toy ny rano sy ny vary ka tsy afaka mifandao.



**Ireo mpitantana mandrafitra ny biraon'ny UJSM.**

**aris rafaly**

Raoelison Hasimbola Famonjena

## Tsy vaovao amin'ny tontolon'ny volley-ball

Tamin'ireo mpifaninana telo mirahalahy, niatrika ny fifidianana ny toeran'ny Tale Tekinika Nasionalin'ny volley-ball (DTN), dia Atoa Raoelison Hasimbola Famonjena, no lany tamin'ny isam-bato maro teo anatrehan'ny mpifanandrina taminy. Volana vitsy monja taorian'ny fahalaniany dia nisedra ny fandraisana ny fiadiana ny tompondakan'ny Oseanina Indianina 2024 ho an'ny klioba taty amin'ny faritra faha-7 ny tenany. Azo lazaina fa fahombiazana no azony, satria amin'ny fifaninanana iraisampirenena tahaka ireny, dia mitodika any amin'ny tomponandraikitra voalohany aratekinika amin'ny firenena mandray ny lalao ny mason'ny mpandray anjara amin'ny fifaninanana, miaraka amin'ny mpitantana ny federasionina vaovao, izay voasedra toa an'i Hasimbola ihany koa. Tsy vaovao eo amin'ny tontolon'ny volley-ball ny lehilahy, satria nivoaka tamin'ny fampianarana ambony momba ny fanatanjahantena teny amin'ny oniversite-n'Ankatso tamin'ny taona 2003. Mananika ny faha-48 taona niainany, manambady ary niteraka telo. Ankoatra ny fianarana norantoviny dia tsara fototra tamin'ny filalaovana volley-ball ny tenany, satria betsaka ny klioba nandalovany, toy ny C.A.I (1988) – ASSM (1994). Manginy fotsiny ny naha tompondakan'ny OSSUM (Cadet 1990) azy, Tompondaka "Junior" (1994), ary tompondakan'ny oniversite (2000). Ananany talenta koa ny filalaovana kanetibe sy ny filomanosana. Mamaky boky sy mahandro sakafo no ankafiziny sy karazan'ny fialamboliny.

**aris rafaly**



*Any ivelany*

## LDC 2023/2024

Taorian'ny lalao farany natao dia fantatra avokoa ireo ekipa valo tafita amin'ny lalao ampahefa-dalan'ny fiadiana ny tompondakan'i Eraopa taom-pilalaovana 2023/2024. Tahaka izao ny voka-dalao farany teo amin'ny lalao ampahavalon-dàlana : Atletico Madrid (ESP) nanilika ny Inter de Milan (ITA) tamin'ny « tirs au but : 3 / 2 » , Arsenal (ANG) nandresy an'i Porto (POR) (2/1), Manchester City (ANG) nanilika an'i Copenhague (DAN) ( 3/1 ) , Borussia Dortmund (ALL) nanilika ny PSV Eindhoven (HOL) (2 / 0), FC Barcelone (ESP) nanilika ny Naples (ITA) (3 / 1) , Real de Madrid (ESP) nanilika ny RB Leipzig (ALL). Mbola tafita amin'ny dingana manaraka avokoa ny ekipa espaniola telo, alemàna anankiroa ary toraka izany koa ny anglisy. Tokana ihany sisa ny ekipa frantsay dia ny PSG, izay hisedra ny antsapaka anio tolakandro.


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### COURS

* Cours d' Anglais parlé et écrit à domicile ou particulier. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 778/6-4)

### FORMATION

* Droit de Travail : Formateur, Inspecteur de travail. Tél : 032.42.817.46. Fb MANAMPY JURISTE. (G-BA 769/20-13)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy " coupe homme ". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 779/10-3)

### SERVICE

* Vidange fosse septique, wc perdu, puisard, Makiplast, plomberie. Tél : 034.60.797.42. (G-BA 783/10-1)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard…Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA-775/20-8)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 777/6-4)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdue, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 777/6-4)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 777/6-4)

* Vidange wc fosse septique, puisard Makiplast, fosse perdue. Tél : 033.51.333.19 / 038.08.304.97. (G-BA 780/12-2)

### MITADY ASA

* Rtoa 1 Mitady asa kilasy mody. Tél : 033.28.205.18. (G-BA 782/1)

### MIVIDY

* Lamba, kiraro, boky, vy, fanaka, TV, kojan-dakozia, poketra, debara. Rason. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 774/15-9)

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara, TV sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 773/20-10)

* Lamba, kiraro, kojan-dakozia, cahier, bisikileta, machine, TV, debara. MA SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 781/10-1)

Filoha Andry Rajoelina

# Hentitra ny toromarika hiadiana amin'ny tsy fandriampahalemana anatin'ny 100 andro

*Nanao fanamarihana Andriamatoa Filohan'ny Repoblika fa mila hafainganina hatrany ny "intervention" atao manoloana ny asan-dahalo...*

Tapaka nandritra ny filankevitry ny minisitra natao ny alarobia teo fa tsy maintsy hapetraka ny paikady hiadiana amin'ny tsy fandriampahalemana. Tafiditra amin' izany ny ady amin'ny halatra omby, ady amin'ny fakana an-keriny, fanafihana amin' ny lalam-pirenena, ary ny fanafihana mitam-piadiana. Nanome toromarika ny Filoham-pirenena fa tsy maintsy ahitana vokatra ny hetsika atao ao anatin'ny 100 andro. Izany hoe hatao laharam-pamehana io ary tsy maintsy hisy ny asa maika. Fantatra ihany koa anefa fa nisy ny vokatra tsara avy amin'ireo mpitandro ny filaminana eny ankianja ka nahatonga ny fihenan'ny asa ratsy. Voakasika manokana amin'ity ny zandarimariam-pirenena, izay nahita fa eo amin'ny 78,78% ny tahan'ny famerenana amin'ny tompony ny omby nisy nangalatra, izany hoe omby miisa 1.835 no tafaverina amin'ny tompony, ary mpangalatra omby hatrany amin'ny 453 no efa voasambotra. Nihena hatrany amin'ny 56,07% kosa ny asan-dahalo isankarazany. Nahitana ireo vokatra ireo ny hetsika maro samihafa tao amin'ireo faritra mena tahaka ny any amin'ny faritra Menabe sy ny distrikan'Ankazobe. Nisy vokany ihany koa ny famerenana ny andrimasompokonolona ary nohamafisina ny fahafaha-miatrika ady (capacités opérationnelles) ho an'ny mpitandro filaminana. Raha ny tatitra navoakan'ny filankevitry ny minisitra hatrany dia nisy ny fanenjehana araka ny lalàna an'ireo mpitandro filaminana sy tompon'andraiki-panjakana na olom-boafidy niray tsikombakomba tamin'ny dahalo sy ny mpaka ankeriny. Hatreto dia efa nisy 89 voasambotra ary 61 naiditra am-ponja.

**Velirano voalohany**

Nanao fanamarihana Andriamatoa Filohan'ny Repoblika fa mila hafainganina hatrany ny "intervention" atao manoloana ny asan-dahalo sy ireo tranga mety hiseho, mba hananan'ny vahoaka fahatokisana eo ny fitondram-panjakana sy ny mpitandro ny filaminana. Tsiahivina fa nisy ihany koa ny fanendrena tomponandraikitra ambony maromaro eo anivon'ny foloalindahy, na teo anivon'ny zandarimaria izany na teo anivon' ny tafika malagasy. Voatendry nandritra izany ny jeneraly BOTO Lucien Maurice, ho lefitra voalohan' ny komandin'ny zandarimariam-pirenena. Eo koa ny jeneraly NIXOR Tsitambala, lefitra Faharoan'ny komandin'ny zandarimariam-pirenena. Ho an'ny tafika malagasy kosa dia ny jeneraly Rakotoson Jocelyn no Lehiben'ny Etamazaorin' ny Tafika an-tanety ary ny kolonely Rabemizana Toky Fihandrianana no lehiben' ny Etamazaorin'ny Tafika an'habakabaka. Ny Vice-amiral GA Jacquy Honoré kosa no "Major Général des Armées" ao amin'ny etamazaorin'ireo tafika. Inoana araka izany fa hahitambokany hatrany eo amin'ny lafiny fandriam-pahalemana izao fanendrena izao, mba hampadeha tsara ny velirano voalohany.

**Deyland**

**HOTSAKOITSAKOINA**

«Ny fisalasalana fikirina no mampanonga hitombo fatra ny tahotra iainana.
Ny fahasahiana anananao no mampitombo ny herim-po misy ao anatinao. »

**Ny Vetso (03.10.16)**

(«Le courage croît en osant et la peur en hésitant».
Patrick Leroux)

Ambohitrarahaba

## Lehilahy nody alina voadaroka sady voaendaka

Loza no nanjo ity lehilahy iray fa sady voadaroka izy no voaendaka. Teny Ambohitrarahaba no nisehoan'izany ny talata lasa teo tokony ho tamin'ny 11 ora sy sasany alina. Handeha hamonjy fodiana ity lehilahy ity tamin'io fotona io ary izy nandeha irery iny no nifanehatra tamin'ireo olondratsy teny an-dalana, teny akaikin'ny sekoly iray teny antoerana. Andian-jiolahy maromaro ry zalahy no niaraka nanatanteraka izany fanendahana izany. Vao nifanena tamin'izy ireo ity lehilahy ity dia nohodidinin'izy ireo, ary tsy nisy resaka fa avy hatrany dia niharan'ny daroka sy ny vono. Rehefa izay dia nalain'ireo mpanendaka izay tian'izy ireo nangalarina teny amin'ity lehilahy ity. Tsy nampoizin' ireo olon-dratsy anefa fa nisy nahita izy ireo nanao io asa ratsy io. Nisy nampandre avy hatrany ny polisy mpanao fisafoana tamin'io fotoana io ka raha vao nandre izany izy ireo dia nandeha tany amin'ilay toerana nisehoan'ny fanendahana. Raha vao nahatazana ireo mpitandro filaminana ry zalahy dia lasa nirifatra nandositra ka tafaporitsaka ny sasany. Lehilahy iray 17 taona kosa no noraisim-potsiny teo. Taorian'ny fisamborana ity farany dia nentina nankany amin'ny biraon'ny kaomisarian'ny polisy avaradrano izy. Fantatra fa any Andafy Avaratra Tranovato no mipetraka ity lehilahy tsy ampy taona voasambotra ity.

**T.H**

Antsirabe

# Jiolahy maty voatifitra niaraka amin'ny hena halatra

Jiolahy raindahiny antsoina hoe Jose Kely ilay maty voatifitry ny mpitandro ny filaminana ny alin'ny alarobia lasa teo, tao Antsirabe. Efa mpamerin-keloka gaigilahy, efa nokarohina hatry ny ela noho ny raharaha mikasika halatra omby sy ny halatra kisoa ary vaky trano. Maro ny didy fampisamborana avy amin'ny fitsarana mahakasika azy ity. Nandeha hatrany ny fikarohana, saingy tsy hita io olon-dratsy io. Ny alarobia teo anefa nisy halatra omby niseho tao Mahazina, fokontany Antsampanimahazo, kaominina Antsoantany, distrikan' Antsirabe II. Omby iray no lasan'ny mpangalatra tamin' io fotoana io. Nanao fanarahan-dia ny fokonolona ary nampandre ny lehiben'ny zana-tobim-paritry ny zandarimaria Ambohibary. Nanao fisafoana tamin'ny arabe ny zandary miaraka amin'ny fiara tsotra. Nandritra izany no nisy olona nitondra gony sy sakaosy nanakana ny fiaran'ireto zandary ireto. Nirifatra nandositra io olona io raha vao nahatsikaritra fa zandary no tao anaty fiara. Najanony ilay entana teny aminy ary rehefa nosavaina dia henan' omby no tao. Nitohy hatrany moa ny fifanenje-hana azy ary niafara amin'izao fitifirana izao rehefa tsy nety nijanona ilay olon-dratsy. Maty tsy tsa-drano ilay jiolahy ary rehefa nozahana dia fantatra fa ilay Jose Kely ity lavon'ny bala ity, ary ilay omby very tao Mahazina no norasainy ,nentiny tao anaty sakaosy, araka ny loharanom-baovao hatrany. Nahazo fankasitrahana tamin'ny vahoaka ao Antsoatany sy Ambohibary ny fahalavoan' ity jiolahy ity, satria efa ela no nampihorohoroiny tao an-toerana.

**Deyland**

Mahajanga

## Raim-pianakaviana maty voafira antsy

Nitrangan'ny vono olona tany amin'ny toerana antsoina hoe Ambodimanga Namakia, any amin'ny faritra Mahajanga, ny herinandro lasa teo. Raim-pianakaviana tokony ho 67 taona no maty nisy namono tamin'izany. Nofirain'ireo olon-dratsy tamin'ny antsy izy. Tokony ho tamin'ny 7 ora hariva ny andro tamin'io fotoana io, nandeha nantsaka rano ity rangahy ity. Somary lavidavitra ny trano fonenany izany toerana fakana rano izany.

Nandritra ny fotoana nandehanany tamin'io lavadrano io no novonoin'ny jiolahy izy. Tsy fantatra mazava izay zavanitranga tamin'izany na efa nandrasan-dry zalahy kendry tohana mihitsy izy na ahoana fa tonga dia io nokapainy tamin'ny lohany io, ka nitarika fahafatesana tamin'ilay raimpianakaviana izany. Hatairana ny an'ny fianakaviany avy eo raha nahafantatra ny zava-nitranga. Efa nampandrenesina ny zava-nitranga ny mpitandro filaminana ka efa mandeha ny fikarohana ny nahavanon-doza amin'izao fotoana izao. Mitohy ny famotorana.

**T.H**

## TATSY SY TAROA

***# Jiolahy iray no maty voatifitra amin'ny fokontany Ambalakazaha, kaominina sy distrika Antsalova, afak'omaly.*** Nihaodihady tao amin'io tanàna io izy ary nisy nahatsikaritra ka nosamborina. Tokony ho tamin'ny enina ora maraina no tra-tehaka ilay olondratsy. Nentina ho any Maintirano, saingy nandositra tampoka ka maty voatifitra tao anatin'ny saha fambolena katsaka. Taorian' ny fizahana dia natolotra ny fianakaviany ny razana.

***# Nitrangan'ny halatra omby tao amin'ny kaominina Ankadinondry Sakay, distrikan'i Tsiroanomandidy, ao amin'ny faritra Bongolava, herinandro lasa teo.*** Omby miisa 4 no norobain'ireo dahalo nandritra ny fanafihana mitampiadiana. Nanao fanarahan-dia ny mpitandro ny filaminana sy ny fokonolona ka tany amin'ny kizon'i Kianjasoa no nahitana ny dian' omby. Taorian'ny fifandonana dia nilavo lefona ireo olon-dratsy ireo ary tafaverina avokoa ireo omby. Tsy nisy naratra na namoy ny aina ny fokonolona sy ny miaramila.

**Deyland**

MANAL'AZY DE MI'MEME



Izy no izy

Manjaka Hery Razanaparany

# Olona tso-piaina sy tia manampy ny tsy manam-piahy

*Namolavola sy nahatonga an'i Manjaka ho sahy misedra ny mafy ny fanabeazana noratovina tao amin'ny Skotisma sy ny haiady*

Manam-bady ary niteraka 3 mianadahy i Manjaka Hery Razanaparany. Eny Manandriana Avaradrano izy no mipetraka amin'izao fotoana izao. 36 taona izy ary tia mihira sady mitendry gitara, sady mpamonjy ireny karaoke ireny. Nianatra momba ny fitantanana tao amn'ny Lycée Technique Renel Rakotobe izy rehefa nahazo ny maripahaizana Bakaloera. Misehatra amin'ny fanodinana horontsarimihetsika anefa no ahafantaran'ny olona azy, satria izy rahateo no tompon'ny Manjaka Sary Production. Nianatra sy niezaka nampiana-tena tamin'ny vakiboky sy serasera isan-kaazany teo amin'ny tontolon'ny fanodinana sarimihetsika izy ary nandritra ny taona maro no efa nisehatra tamin'izany. Fa ankoatra izay dia manana andraikita hafa izy dia ny fanaovana tombana mikasika ny fanamboarana fotodrafitrasa toy ny trano sy ny tetezana. Raha ny fandaharam-potoanany isan'andro dia mirotoroto lava i Manjaka Hery, saingy na eo aza izany dia tsy ataony ambanin-javatra ny fianan-tokantranony. Rehefa sahirana amin'ny fandaminana ny trano ramatoa dia izy no mikarakara ny zanany handeha hianatra sy manome sakafo azy ireo ary avy eo dia mbola manatitra any an-tsekoly ihany koa, izay vao mamonjy ny asa sy andraikiny. Manampy betsaka azy anefa ny vadiny amin'ireo asa sahaniny ireo, indrindra amin'ny fanodinana horonan-tsarimihetsika.

**Tia mifandray amin'ny manodidina azy**

Na eo aza izany dia tsy hadinoiny ihany koa ny manampy ireo Malagasy sahirana ara-pivelomana miara-monina sy mpiara-mivavaka aminy, saingy tsy dia mirehareha amin'izany izy. Tsy manao ambanin-javatra ny fiarahamonina misy azy izy ary tsy napetrany ho sakana mihitsy ny tsy fitoviana amin'ny fari-piainana fa tiany sy lalaina hatrany ny miresaka amin'ny manodidina azy na mahantra io manan-karena. Mahasarotina azy kosa anefa ireo olona tia kely, manao tsinontsinona sy tsy mitsinjo ny manodidina azy. Eo amin'ny asa indray dia sarotiny amin'ny fahadisoam-potoana i Manjaka Hery. *« Manimba zavatra izy ireo, fa ny fotoana volamena ary ny tsy fanajana fotoana dia anisan'ny tsy mampandroso »*, hoy izy.

**Nobeazina tamin'ny Skoto**

Tia manao fanatanjahan-tena ihany koa i Manjaka Hery. Ny haiady Aïkido, mibata fonjam-by no nataony hatramain'ny fahakeliny ary anisan'ny namolavola azy ho tia sarimihetsika izany. Fa ankoatra izay dia nobeazina tamin'ny skotisma ihany koa izy, ary ity skotisma ity no nitarika azy amin'ny saina tia karokaroka sy tsy miandry zavatra tonga lafatra vao manao zavatra fa miainga amin'ny zava-misy no ahazoana zavatra tsara. Amin'izao fotoana izao dia ilaina ny fanabeazana eny anivon'ny skotisma satria ankoatra ny fitaizana ara-panahy sy ara-batana dia masahana ara-potokevitra amin'ny fihavanana sy ny fifankatiavana ihany koa ny ankizy beazina. Amin'izao fotoana izao, raha araka ny fanazavany, dia *« miha lefy ilay hoe Malagasy tia fihavanana sy tia mifanampy. Taratry ny fiarahamonina malagasy amin'ny ankapobeany mihitsy izay ary mila tonga saina isika »*.

Amin'ny maha mpanodina sarimihetsika azy dia fanirian'i Manjaka Hery ny hanamoran'ny fitondram-panjakana ny fanafarana entana ho an'ireo mpamokatra horonantsarimihetsika sy famoronana trano fijerevena sinema ho an'ny daholobe eto Madagasikara. Ankoatra izay dia mbola sakana ho an'ny fampiroborobana ny sarimihetsika eto amintsika ihany koa ny tsy fisian'ny sekoly voatokana momba azy mba hahatonga ny mpisehatra ho matihanina ka hanao izany ho orinasa kely hanampiana ny tsy an'asa.

**Nangonin'i Tiaray R**

Rojo Fenotina Ranaivoarison

## Nivetso sy niantsa ireo hainteny fanaon'ny mpihira gasy tany Guadeloupe



**Reharehantsika araka izany ny fanehoana ny kolontsaintsika amin' ny alalan'ny teny sy ny oha-pitenenana any amin'ny firenena hafa.**

Nifarana ny 10 marsa teo ny andiany faha-12 amin'ny hetsika goavana ho an'ny Poezia tany Pointe-à-Pitre Guadeloupe. Toerana maro any Guadloupe no nomanin'ny "Aliage" na fikambanana miara-dia ho an'ny fandraisana andraikitra tsy misy fetrany ho an'ny fanabeazana sy ny tontolony. Rojo Fenotina Ranaivoson no nisolo tena antsika tamin'ity hetsika ity. Izy moa taranaka mpihira gasy avy amin-dRamilison Besigara. Nandritra izany no nitondrany ireo hainteny sy haisoratra malagasy fanaon'ny mpihiragasy rehefa miaka-tsehatra ary izany rehetra izany dia narahin'ny doboka amponga, ka nampihetsi-po ny mpanatrika maro be tao amin'ny efitrano Georges Tarer. Tamin'ity andiany faha-12 ity moa dia ny resaka « Fitiavana » no lohahevitra novoizina, ka manodidina izay no nentin'ny solontenantsika nanandratra ny maha malagasy. Amin'izao fotoana izao ihany koa dia efa tafiditra ao anatin'ny harembakoka ara-tsain'ny zanak'olombelona ny hiragasy, ka malalaka ny fanehoana izany any ivelany. Reharehantsika araka izany ny fanehoana ny kolontsaintsika amin'ny alalan'ny teny sy ny ohapitenenana maro isankarazany any amin'ny firenena hafa. Tsy nijanona ho amin'izay ihany anefa ity hetsika tany Gouadloup ity fa teo ihany koa ny fampahafantarana an'i Madagasikara. Vahiny manan-kaja maro, toa an'i Maryse Romanos sy Henri Bistoquet, no nanatrika ny fampisehoana, ary poeta maro avy amin'ny firenena samihafa no nasain'ny "ALIAGE", miara-miasa amin'ny tanànan'i Pointe-à-Pitre nandritra ny ny takariva poetika.

**Tiaray R**

---

TRIBUNAL DE PREMIERE INSTANCE D'ANTSIRABE
N° 446 du 20 Juillet 2016
JUGEMENT CIVIL
NATURE : PRESCRIPTION ACQUISITIVE
- RASOARIMALALA Mariette
Contre
- RAKOTOMANGA et consorts
Siégeait : M. RAJHONSON Rado, Vice-Président du Tribunal
- PRESIDENT -
Assistée de Me RAKOTONIRINA Marie Abeline,
Greffier tenant la plume
AUDIENCE PUBLIQUE CIVILE DU MERCREDI VINGT JUILLET DEUX MIL SEIZE

Le Tribunal de Première Instance d'Antsirabe, statuant publiquement, contradictoirement en matière civile et en premier ressort, en la salle ordinaire de ses audiences ;
A rendu le jugement suivant :
Entre :
- RASOARIMALALA Mariette, demeurant à Fiadanana Andrefan'Ivohitra, Lot 303 A 50 Antsirabe ;
DEMANDERESSE, comparant et concluant en personne ;
- D'UNE PART -
Et,
RAKOTOMANGA et consorts demeurant à Antanikatsaka Antsirabe ;
DEFENDEURS éventuels non comparant ;
- D'AUTRE PART -
PAR CES MOTIFS
Statuant publiquement, contradictoirement à l'égard de la requérante et réputé contradictoire à l'égard des requis, en matière civile et en premier ressort ;
Vidant le jugement avant dire droit n° 335-ADD du 22 Juin 2016 ;
Fait droit à la demande ;
Dit et juge que deux parcelles de terrain d'une contenance de 01 ha 63 a 64 ca à distraire de la propriété dite « TSARAMIAFARA » titre n° 5327-P, sont acquises par voie de prescription acquisitive et avec toutes les conséquence de droit par RASOARIMALALA Mariette ;
Ordonne en conséquence l'inscription de ses droits sur les livres fonciers ;
Autorise M. le Conservateur de la Propriété foncière d'Antsirabe de lui délivrer un second duplicata du titre foncier y afférent en qualité de propriétaire ;
Dit et juge que ledit duplicata sera déposé à la Conservation foncière d'Antsirabe une fois les opérations de mutations effectuées ;
Déclare nul et sans valeur entre les mains de tout détenteur l'ancien duplicata initialement délivré ;
Annexe au présent jugement le plan dressé par la Commission administrative ;
Met les frais et dépens à la charge de la requérante ;
Ainsi jugé et prononcé en audience publique civile tenue les jour, mois et an que dessus ;
La minute du présent jugement a été signée par le Président et le Greffier./.
- SUIVENT LES SIGNATURES -
Suit la mention en marge :
- SUIT LA MENTION D'ENREGISTREMENT -
VR : 56.459.000 AR ;
D.E. : 2.000
D.F. : 4.000
Enregistré au Bureau du Centre fiscal d'Antsirabe
Le 02 Mars 2023
Droit d'enregistrement
F° 54 N° 16 Vol. AC 107
Reçu : deux mille Ariary
Le Receveur
Signé illisible
RANORONIAINA Dina Claudia
Inspecteur des Impôts
GCL 777

---

TRIBUNAL DE PREMIERE INSTANCE D'ANTSIRABE
JUGEMENT CIVIL
N° 1001 du 21 Septembre 2022
NATURE : PRESCRIPTION ACQUISITIVE
- RASOARIMALALA Mariette
Contre
- RAKOTOVAO Gabriel
- RAZAFINDRAVAO
DOSSIER : 032/RG/22/LT
Siégeait : Mme RAFIAKARANA Princia, Juge près du Tribunal de Première Instance d'Antsirabe ;
- PRESIDENT -
Assistée de Me RAKOTOMANGA Harinirina Finaritra,
Greffier tenant la plume
AUDIENCE PUBLIQUE CIVILE DU MERCREDI VINGT-ET-UN SEPTEMBRE DEUX MIL VINGT-DEUX

A l'audience publique du Mercredi vingt-et-un Septembre deux mil vingt-deux, tenue par le Tribunal de Première Instance d'Antsirabe, statuant en matière civile et en premier ressort, en la salle ordinaire de ses audiences ;
A été rendu le jugement suivant :
Entre :
- RASOARIMALALA Mariette, demeurant au Lot 0108.B 276 Ouest Ivohitra ;
REQUERANTE, comparant et concluant
- D'UNE PART -
Et de :
- RAKOTOVAO Gabriel
- RAZAFINDRAVAO
Tous demeurant à Antanikatsaka, Fokontany Andrefan'Ivohitra, Commune Urbaine et District d'Antsirabe-I ;
REQUIS, non comparant et non concluant ;
PAR CES MOTIFS
Statuant publiquement, contradictoirement à l'égard de la requérante, en matière civile et en premier ressort ;
Répute le présent jugement contradictoire à l'égard de RAKOTOVAO Gabriel et RAZAFINDRAVAO ;
Vidant le jugement avant dire droit n° 626-ADD du 15 Juin 2022 ;
Déclare la requête recevable et fait droit à la demande ;
Constate l'accomplissement de la prescription acquisitive du demandeur RASOARIMALALA Mariette, concernant la propriété « TSARASAONJO I » TN ° 1191-P, d'une contenance de 67 a 35 ca ;
Annexe au présent jugement le plan dressé par la Commission administrative
Laisse les frais de descente à la charge de la requérante ;
Ainsi jugé et prononcé en audience publique civile tenue les jour, mois et an que dessus ;
Et la minute du présent jugement a été signée par le Président et le Greffier./.
Le Président Le Greffier
- SUIT LA MENTION D'ENREGISTREMENT -
D.F. : Ar. 4.000
Enregistré au Bureau du Centre fiscal d'Antsirabe
Le 16 Novembre 2022
Droit d'enregistrement
F° 41 N° 01 Vol. AD 23
Reçu : quatre mille Ariary
Le Receveur
(signé)
RANORONIAINA Dina Claudia
Inspecteur des Impôts
GCL 777

Ambatondrazaka

# Ankizivavikely vao 8 taona naolan'ny lehilahy 40 taona

*Tonga dia nobatain'ilay rangahy tao an-tranony ilay zaza ary nanamparany ny filàn-dratsiny tao.*

Ankizivavikely vao valo taona monja indray no niharan'ny fanolanana tao Avaradrova Avaratra, kaominina Ambatondrazaka. Rangahy efapolo taona eo no nahavita izany. Tsy sahy nitantara ny nanjo azy tamin'ny Ray aman-dReniny mihitsy ilay zaza fa norahonan'ilay rangahy. Efa namoaka fofona ny fiaviana vokatry ny fanolanana nahazo azy vao taitra ny reniny. Nentina natao fizahana tany amin'ny mpitsabo haingana ka fantatra tamin' izany fa efa simba tanteraka ilay zaza. Rehefa nanontaniana ity farany dia teo izy vao nitantara ny nanjo azy. Ka araka ny fanazavana dia nobatain'ilay rangahy tao an-tranony izy sy ny zandriny raha nilalao teo antokotany ary tsy nisy nahita. Nitomany mafy anefa ilay zandriny ka notambazan' ilay rangahy vola roanjato ariary dia nangina. Rehefa izany dia notampenany ny vavan'ilay ankizivavikely valo taona ary nanamparany ny filàn-dratsiny avy eo.

**Any am-ponja**

Fantatra fa mponina avy eo an-tanàna ihany ilay rangahy nahavanon-doza io ka nosamborin'ny mpitandro filaminana. Taorian'ny famotorana natao azy dia niaiky ny heloka vitany izy. Ny alarobia teo ilay rangahy no natolotra ny Fampanoavana tao Ambatondrazaka ka notanana vonjimaika any am-ponja miandry ny fotoam-pitsaràna azy. Hita araka izao fa tena mirongatra isan'andro ity resaka fanolanana ity. Tsy hay intsony hoe ny olona sasany ve no mivadika biby sa manao fihantsiana mihitsy ry zalahy manoloana ilay làlana henjana hampiharina amin'ireo mpanolana iny hoe sahy hampihatra izany tokoa ve ny fanjakàna sa tsia? Araka ilay fitenenana hoe tsy mino maty raha tsy avy mandevina. Ireo ankizy no simbasimba fotsiny amin'ny hadalan'ny sasany.

R.C

Betroka

# Nisy fanentanana ny mponina amin'ny ady amin' ny fanolanana sy ny tsy fandriampahalemana

Manoloana ny firongatry ny tsy fandriam-pahalemana sy ny resaka fanolanana dia mahatsapa ireo tomponandraikitra eo anivon'ny mpitandro filaminana fa tena ilaina ny fampianarana sy ny fanentanana ny olona eny ifotony mba hiadiana amin'izany. Tsy vitan'ny mpitandro filaminana irery ny ady fa tsy maintsy hiarahana mba hahazoana vokatra araka ny fampiharana ny Tagnamaron'ny Fandriampahalemana. Tao amin'ny kaominina Ambatomivary, distrikan'i Betroka, no nanatanterahana izany tamin'ity herinandro ity. Araka ny fanentanana nataon'ny tomponandraikitry ny fandriampahalemana dia tapaka fa hohamafisina ny fampiasana bokim-bahiny, ny karinem-pokontany ary ny karine pasipaoro mba hahafahana manamora ny fanaraha-maso ireo vahiny mandala eny anivon'ny fokontany.



Vory marobe ny mponina!

**Hohamafisina**

Ahetsika ary hohamafisina ihany koa ny fanaovana ny Kalony isam-pokontany mba hifanampy amin'ireo zandary. Nitohy tamin'ny fanentanana mikasika ny ady amin'ny fanolanana izany, sy ny fampianarana ireo mponina ny tokony hatao raha misy tranga miseho. Tsy ny any Betroka ihany moa no ahitàna ity fanentanana sy fampianarana ity fa anisan'ny mafana fo amin'izany ihany koa ny kolonely Faneva any amin'ny faritr'i Menabe iny. Antenaina mba hisy vokany tokoa izany, satria tena mijaly ny vahoaka noho ny tsy fandriam-pahalemana. Efa azo lazaina ho nangingina indray aloha ny halatra voamaso sy ny zaza varira mpitranga any amin' ny faritra Atsimo iny tato ho ato.

R.C

Ambalavao

# Olona 15 voasambotra amin'ny resaka vono olona sy halatra

Olona 15 no voasambotry ny polisy avy ao amin'ny kaomisaria Ambalavao any Fianarantsoa ny voalohndohan'ny herinandro lasa teo noho ny resaka vono olona sy halatra. Vehivavy no efatra tamin'izy ireo. Ny telo lahy tamin'ireo tratra no fantatra fa tompon'antoka tamina resaka vono olona roa samihafa niseho. Ny valo lahy kosa dia voalaza fa tompon'antoka amin'ny halatra miharo vaky trano izay miseho any an-toerana ary nandritra ny fotoana nisamborana azy ireo aza dia mbola sarona tany amindry zalay ireo karazan' entana maro nangalarina toy ny bisikleta, panneau solaire ary kojakoja isankarazany. Ny ambiny efatra kosa dia mpividy entana halatra. Taorian'ny fisamborana dia efa nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy ry zalahy natao famotorana. Izao vokatra izao no azo dia noho ny angombaovao momba ireo tranga ratsy mpiseho ary koa noho ny fanamafisana sy fanatevenana ny fisafoana andro aman'alina. Indrindra noho ny fiaraha-miasa amin'ny andrimasom-pokonolona sy vokatry ny famoriana ireo lehiben'ny fokontany amin' ny alalan'ny "soa miray dia". Nisy mantsy fidinana ifotony nataon'ny talem-paritry ny filaminam-bahoana DRSP Matsiatra ambony nitafa tamin'ireo polisy miasa any any an-toerana ka anisan' izany ny nanomezany baiko noho ireo trangana tsy fandriampahalemana isankarazany miseho any amin' iny faritra iny.





Ireo olona voasambotra.

T.H

Tsiroanomandidy

# Mpianakavy niady tany, nisy nampanafika dahalo hangalatra omby



Ireo dahalo voasambotra!

Nifanehatra tamin'ny zandary ny dahalo roa lahy niaraka amin'ny basy. Tsy misy maha-mpianakavy izany intsony mihitsy amin'izao rehefa samy miaro ny tombotsoany izay. Raikitra ny ady tany teo amin'ireto samy mpianakavy ireto tao Ambohimahasoa-Antsampanimahazo, any Tsiroanomandidy - Fihaonana. Nisy anefa ny tsy nahatanty ka nanita-kevitra ary nahavita nampaniraka dahalo hanafika ny havany, izay niady taminy. Vokatr'izany, dahalo roa lahy nikasa hangalatra omby tao amin'ny fianakaviana iray no tsikaritry ny fokonolona ka vaky nandositra. Efa mailo mantsy ny andaniny ka niambina ny fananany. Nampandrenesina avy hatrany ny mpitandro filaminana ka raha ireo dahalo teny am-pitsoahana iny indrindra no nifanehatra tamin'ny lalana nizoran'ireo zandary. Noraisimpotsiny. Tsy nahita lalana nidifiana intsony ireo dahalo ka tonga dia noraisim-potsiny izy roa lahy. Nahatratrarana basy iray sy mohara maromaro teny amin'izy ireo. Notanana avy hatrany ireo ary nentina tany amin'ny biraon'ny zandary natao famotorana. Araka izany dia tsy mbola nisy ny omby lasan'izy ireo fa vao teo am-panaovana ny asa ratsiny indrindra no hitan'ny fokonolona ka niala maina. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana moa ny raharaha amin'izao ary mandeha ihany koa ny fanadihadiana hahafantarana ny olona tena naniraka ireto dahalo ireto.

R.C

Ambohijafy

# Mpangalatra trà-tehaky ny zandary vao maraina

Teo am-pilanjana ireo akoho sy vilany avy nangalariny ity lehilahy iray ity no trà-tehaky ny zandary nanao fisafoana teny Ambohijafy, omaly maraina. Nataony tao anaty gony ireo entana avy nangalariny mba tsy hisy hahita. Kaodikaody avy hatrany anefa izy raha vao nahatazana ireo zandary ka tonga dia nosavaina ny entana teny aminy. Akoho sy vilany ary mizana no hita tao. Rehefa nanontaniana ny momba ireo entana ireo izy dia tsy nahita havaly ka tonga dia nentina nankany amin'ny biraon'ny zandary mba hatao famotorana. Voalaza fa anisan'ny mampijaly ireo tantsaha mpiompy sy ny mpivarotra madinika ry zalahy itony, satria ataony lasibatra ny fitaovana an-dakozia sy ny akoho amam-borona. Efa manamafy ny fanaovana fisafoana hatrany moa ny mpitandro filaminana hamongorana itony mpanao ratsy fahavalom-bahoaka itony. Misy efa tena zà-draharaha tokoa izy ireny ka re mihitsy ny hangalarany ny entana ao an-trano sy ny akoho amamborona any anaty fisoko. Atolotra ny Fitsaràna avy hatrany kosa ity lehilahy ity aorian'ny famotorana ataon'ny zandary azy.

R.C

Profesora Andry Rasamindrakotroka

# "Ny fametrahana ho laharam-pahamehana ny fanabeazana ihany no hampandroso"

Tsikaritra ho mifandimby maneho hevitra, mitondra torohevitra sy fiala-nenina mba hanarenana ny firenena ireo mpanao pôlitika zokiny efa nitana andraikitra ambony teto, tamin'ny fotoan'androny. Anisan'ny matetika milaza ny fomba fahitany ny fizotran'ny raharaham-pirenena ohatra ny talen'ny kabinetran'ny Fiadidiana ny Repoblika teo aloha, Andrialemirovason Gerard, tamin'ny fotoana nitantanan'ny amiraly Didier Ratsiraka ny tany sy ny fanjakana. Vao omaly no omaly no naneho hevitra tao amin'ny pejy « facebook » ny ihany koa ny Profesora Andry Rasamindrakotroka, minisitry ny fahasalamana sy ny fandrindrana ny fiainam-pianakaviana.



Eo an-kavia, ny profesora Razafindrakotroka. (Sary tahiry)

Nomarihiny fa raha tiana handroso ny sehatra rehetra eo amin'ny Firenena iray dia atao laharam-pahamehana ny fanabeazana.

**Nanamarika azy !** Tokony homena fiofanana hahay hampianatra ireo rehetra misehatra eo amin' ny fanabeazana, satria tsy ampy ny fananana diplaoma fotsiny. Tokony hohatsaraina ny votoatim-pampianarana mba hifanandrify amin'ny filan'ny firenena ary omena karama mifanentana amin'ny andraikitra goavana sahaniny ny mpanabe. Mikasika itsy farany manokana dia tsy vao sambany no noresahina io sosokevitra io fa hatreto aloha dia tsikaritra ho tsy misy mihaino sady mbola faralahin'ny mpiasam-panjakana, saika amin'ny lafiny rehetra, ny mpanabe. Fa raha hiverenana ny mahakasika ny Profesora Andry Rasamindrakotroka dia nanamarika ny tantaram-pirenena ny fahasahiany nametrapialàna tsy ho minisitry ny fahasalamana, rehefa tsy nitovy ny fomba fijeriny sy ny filoham-pirenena, tamin' ny fotoan'androny. Taorian' izay dia ny dokotera Jean Louis Robinson no nasolo azy.

V.R.

## Marina izany !

### Tsy nahavaha olana !

**Nangingina ny fanehoan-kevitra mahakasika ilay lalàna vaovao hampiharina amin'ny mpanolana, rehefa samy nanao izay ho afany, nanakiana na niaro izany ny sokajin'olona samihafa, nandritra ny andro maromaro. Tsy hidirantsika ny mikasika ny hoe: Ny manohitra ny fampiharana io lalàna manasazy henjana ny mpanolana io ve no manana ny marina sa ireo mitady ny fomba rehetra handresen-dahatra hahatanteraka izany? Toy izany koa ny antony nandraisana ilay fanapahan-kevitra. Ny zavamisy fotsiny dia tsy nahavaha olana aloha hatreto ny fisian'io lalàna vaovao, noheverina fa hampihoronkoditra ny olon-dratsy io. Mitohy hatrany mantsy ny fanolanana, mba tsy hilazana hoe toa vao mainka mirongatra. Ny akaiky indrindra izao dia ilay fanolanana renim-pianakaviana mbola mampinono, tetsy Anosiala, izay niafara tamin'ny fahafatesany mihitsy. Nisy ihany koa ny trangan'ny fanolanana tany Maevatanana; tany Bekily...Ireo no nahazoam-baovao fa ny azo antoka dia misy ny zaza iharan'izany any ambany ravin-kazo any, saingy tsy mahasahy mitoroka ny fianakaviany, noho ny antony samihafa. Ankoatra izay, mbola maro ny adihevitra manodidina ilay lalàna hampiharana ny famosirana simika na mandalo fandidiana ny fitaovam-pananahan'ny mpanolana. Anisan'izany ny hoe: Efa manaiky hanatanteraka izany ve ny mpitsabo? Manana ny hoentimanana hanatanterahana ny fandidiana sy ny fandaniana ary ny fanaraha-maso ireo nanombohana ny famosirana ve ny fanjakana? Ny fanontaniana azo lazaina ho goavana sy tena manitikitika dia ny hoe: Tsy mandringa ihany ve ilay lalàna satria toa tsy resahina ao anatiny ny fandraisana an-tanana ireo zaza voaolana, izay mitondra takaitra mety ho mandra-pahafatiny mihitsy!**

Voahangy Rakotozafy

Solombavambahoaka ho eny Tsimbazaza

# Nampiakarina 163 ny isany, raha 151 teo aloha

Amin'ny volana jona ho avy izao no ho tapitra ny fotoampiasan'ny solombavambahoaka am-perinasa. Ary ny voka-pifidianana vonjimaika dia nandrenesana tsiliantsofina fa mety hivoaka alohan'ny fetin'ny fahaleovan-tena, ny 26 jona. Ny dikany, ireo izay mbola hirotsaka hofidiana, amin'ny 29 mey ho avy izao, dia sady manohy ny asany, amin'ny maha olomboafidy azy no manomana fampielezan-kevitra ihany koa. Ny isan'ny depiote ho amin'ny taom-piasana manaraka dia marihina fa nampiakarina ho 163, raha 151 izy ireo teo aloha. Fampiakarana isa noraisina nandritra ny filankevitry ny minisitra, tamin'ny alarobia lasa teo, nameno ny didim-panjakana, mitondra ny laharana 2019-189, tamin'ny 20 febroary 2019, mametra ny isan'ny mpikambana eny amin'ny Antenimieram-pirenena sy ny fomba fitsinjarana ny toerana manerana ny Nosy. Amin'ny mpanohitra dia mifono kajikajy pôlitika ny fampitomboana ny isan'ny solombavambahoaka, amin' ny distrika sasantsasany. Amin'ny mpanohitra dia distrika ahiahian'ny mpomba fanjakana ho tsy dia resy lahatra aminy ny ankamaroan'ireo distrika ireo ary kendreny ny hahazoana farafaharatsiny ny toerana iray, na koa efa resy lahatra aminy ka tiany halaina avokoa ny toerana roa. Tranga mampiharihary fa mifampatahotra ny mpitondra sy ny mpanohitra ary samy miezaka mitady ny fomba hahazoana maro an'isa, eny amin'ny Antenimieram-pirenena. Ny dikany, hafana ny ho fizotran'ny fifidianana solombavambahoaka izay sokajian'ny mpanohitra ho fihodinana faharoa amin'ny fifidianana filoham-pirenena.

**Nitombo roa ambiny folo !** Nampitomboina 12 izany ny isan'ny solombavambahoaka, miohatra amin'ny teo aloha, voalaza fa mifanaraka amin'ny fitombon'ny mponina. Araka io didimpanjakana fanampiny notanisaina eo ambony io dia nampitomboina 2 izany ny isan'ny solombavambahoaka amin'ireto distrika manaraka ireto: Ambatolampy ; Betafo ; Antsirabe voalohany (faritr'i Vakinankaratra); Ambalavao (faritr'i Matsiatra Ambony); Ihosy (faritr'Ihorombe) ; Toamasina voalohany; Mahanoro (faritra Atsinanana); Mandritsara (faritr'i Sofia) ; Betioky Atsimo (faritra Atsimo Andrefana) ; Amboasary Atsimo (faritra Anôsy) ; Ambilobe (faritr'i Diana) ; Antalaha (faritr'i Sava). Araka io didim-panjakana eo ambony io ihany dia tsy misy fiovana ny isan'ny solombavambahoaka, amin'ny distrika hafa. Toy izany koa ny boriborintany enina, eto Antananarivo Renivohitra izay sokajiana ho distrika ary manana solombavambahoaka 2 avy. Tsy misy fiovana ihany koa ny isan'ny depiote any amin'ireo renivohi-paritany 5 : Fianarantsoa ; Toliara ; Toamasina ; Mahajanga ary Antsiranana. Ny manitikitika ny saina fotsiny manoloana ny fanovana dia ny hoe: Hitombo izany ny fandaniana eny amin'ny Antenimieram-pirenena, miohatra amin'ny voasoratra ao amin'ny lalàna mifehy ny teti-bolam-panjakana izay efa nolaniana, teny amin'ny Antenimieram-pirenena, tamin'ny taon-dasa ary tsy maintsy hasiam-panitsiana amin'ny ho avy.

V.R.



Ny Antenimieram-pirenena ( sary tahiry )


## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Depiote Todisoa Andriamampandry

# Nanamboatra làlana mirefy 1km teny Ankazomanga

Tsy diso anjara amin'ny tetikasa fanamboaran-dàlana mitsinjo ny vahoaka avy amin'ny depiote Todisoa Andriamampandry ireo mponina eny Ankazomanga. Araka izany, làlana miisa 2 no namboarin'io olomboafidy io teny amin'ny fokontany iray ao anatin'ny boriborintany faha-6 iny. Ny iray teo amin'ny amin'ny manodidina ny bassin fanasandamba ary ny faharoa teo amin'ny dobo manga, izay mirefy 1km ny fitambarany. Notsipihany tamin'izany fa na dia tsy asan'ny solombavambahoaka aza ny manao fotodrafitrasa tahaka izao dia tsy hainy, amin'ny maha olom-pirenena azy, ny hitazam-potsiny ny fahasahiranam-bahoaka noho ny haratsian'ny làlana teo amin'izany toerana izany ka nandraisany andraikitra avy hatrany. "*Nirevo tao anatin' ny fotaka sy rano ny mponina Ankazomanga tao anatin'izay volana maro-maro izay ka faly izy ireo amin'izao fotoana izao satria efa natomboka ary ho vita tsy ho ela ireo lalana ireo* », hoy hatrany ny depiote Todisoa tamin'izany.



**Nirotsaka an-tsehatra nanampy tamin'ny fanamboarana ny depiote Todisoa**

**Nidina ifotony**

Raha ny fanazavana, ankoatra ny fanampiana avy amin' ireo mpiara-miombona antoka dia volany madiodio no nentina nanatanteraka ny ampahany betsaka tamin' io fotodrafitrasa mamaly ny filan'ny vahoaka io. Marihina fa nidina ifotony nijery ny kalitao sy ny fizotran'ny famaranana ny asa teny Ankazomanga ny depiote Todisoa, omaly. Nandritra izany no niangaviany ny vahoaka mba hikojakoja izao fotodrafitrasa vao namboarina izao sy nilazany fa tsy ho diso anjara amin' izany ny fokontany hafa. "*Maro ny asa vita fa mbola maro ihany koa no hiarahantsika manantanteraka*", hoy ny depiote Todisoa tamin'izany. Dia noporofoiny tamin'izany indray fa olon'ny fiarahamonina sady tia manampy ny hafa araka ny teny filamatra ampihariny eo amin'ny fiainana momba ny hoe tsy misy manana ny ampy fa sambatra izay mifanampy ny tenany.

**Mamy R.**

Fifidianana

# Efa navoakan'ny fanjakana avokoa ireo didim-panjakana

Rakitra ! Miandry ny fahatongavan'ny datin'ny 29 mey sisa ny rehetra dia miroso amin'ny latsa-bato. Rehefa nandrasana hatramin'ny ela dia navoakan'ny fitondrampanjakana afak'omaly avokoa ireo didim-panjakana sy ny pitsopitson-dalàna ilaina amin'ny fanatontosana ny fifidianana solombavambahoaka. Tafiditra ao anatin'izany ny modely ny taratasy ilaina ho an'ireo kandidà mandray anjara. Eo ihany koa ny fankatovana ny didim-panjakana momba ny fikarakarana ny fifidianana. Ny teo anivon'ny Filankevitry ny governemanta moa no nanapaka ireo didim-panjakana ireo tamin'ny alalan'ny minisiteran'ny Atitany. Ho an'ny teo anivon'ny Filankevitry ny minisitra indray dia famaritana ny isan'ireo depiote handrafitra ny Antenimierampirenena sy ny fitsinjarana ny toerana manerana ny firenena malagasy ary ny fomba famaritana ny fari-pifidianana ho an'ny fifidianana depiote no notapahana. Nolaniana tamin'izany fa 163 no isan'ireo depiote ho fidiana handrafitra ny eny Tsimbazaza ka depiote 12 no nanampy isa ireo teo aloha. Tsy mihoatra ny depiote 2 isaky ny distrika no ho fidiana arakaraky ny isan'ny mpifidy. Aorian'izao dia hanao rano lava ny fanambarana filatsahan-kofidiana sy ny filazana ataon'ireo antoko na vondrona antoko isan-tsokajiny hampahafanatra ny kandidà izay tohanany.

**JUDD**

Antoko Hasin'ny Olombelona sy Ekolojia

# "Mifanipaka amin'ny fanambarana efa nataon' ny Filoha ny fampitomboana ny isan'ny depiote"

Nitondra ny heviny manoloana ny fampitomboana ny isan'ny solombavambahoaka handrafitra ny Antenimierampirenena amin'ny fotoam-piasana manaraka ny Hasin'ny Olombelona sy ny Ekolokia tamin'ny alalan'i Dimbiniaina Rakotoarisoa. Notsipihiny tamin'izany fa tsy miova ny fomba fanaovana politika eto Madagasikara, satria raha hafa no nambara tany aloha dia miova tsikelikely manaraka ny tombontsoa tiana kendrena izany. Porofon'izany, hoy hatrany izy ireny, fanapahan-kevitry ny Filankevitry ny Minisitra nampitombo ny isan'ny depiote ho 163 ireny raha 151 teo aloha.

**Mpandany volam-panjakana**

"*Raha nikasa hanafoana ny Antenimierandoholona ny Filoha Andry Rajoelina tamin'ny 2018, izay mbola mitantana ny firenena hatramin'ny androany, dia nolazaina fa mpandany volampanjakana fotsiny io Andrimpanjakana mpanao lalàna eny Anosikely io ka tokony hahena ny isan'ny mpikambana ao aminy. Ankehitriny anefa dia mahagaga fa ampitomboina ny isan'ny mpikambana ao Andrimpanjakana mpanao lalàna eny Tsimbazaza. Tsy misy lojika mihitsy izany aminay antoko Hasin'ny Olombelona sy ny Ekolojia, satria mifanohitra amin'ny ambara androany ny tenenina sy mitranga amin'ny rahampitso. Raha resaka fandaniana no nentina nilazana fa hanafoana ny Antenimierandoholona dia maninona no mbola handany vola amin'ireto solombavambahoaka fanampiny ireto indray ny fitondram-panjakana*", hoy i Dimbiniaina Rakotoarisoa tamin'izany.

**Tahotra**

Etsy andanin'izany, raisin'ny antoko Hasin'ny Olombelona sy ny Ekolojia ho tahotra ny mpifaninana sy kajikajy politika ireny fampitomboana ny isan'ny mpikamban'ny Antenimierampirenena ireny. "*Tahotra ny mpifaninana no mahatonga ny distrika sasany ho nasina solombavambahoaka roa satria mety tsy hanana erijika ny antokon'ny volomboasary raha toa ka toerana 1 ho hifaninana ao amin'ilay distrika*", hoy ny fanazavana.

**Mamy R.**

Fanadioavana tanàna faobe

# Tsy mahafaly ny mponina ny tery vay manta ataon'ny mpitondra

Tapitra omaly ny 10 andro nomen'ny Filohan'ny Repoblika ny Filohan'ny Delegasiona manokana ny Kaominina Antananarivo amin'ny fanadiovana ny tanàna. Mba hampisehoana amin'ny tomponandraikitra ny asa vita dia nanapa-kevitra Atoa PDS ny hanokana andro iray hanaovana fanadiovana faobe isaky ny boriborintany enina eto andrenivohitra. Anio amin'ny 11 ora no nosafidiany hanatanterahana izany ka hanaovana fanentanana goavana ny mponina eto Antananarivo. Tsara ilay hevitra saingy ny fanatanterahana azy no misy indro kely. Isan'ny tsy mahafaly ny mponina mantsy ny tery vay manta ataon'ny mpitondra ao anatin'izany sy ny karazam-pampihorohoroana ny vahoaka amin' ny alalan'ny fampandoavana dina sy volabe ho an'izany tsy tonga. Ny olana goavana anefa dia amin'ny andro sy fotoana hanatanterahan'ny olona asa amandraharahanny no tsy maintsy hanaovana ny fanadiovana faobe. Andro andavanandro izay tsy maha eo ny ankamaroan'ny olona. Inona no tsy hanaovana izany rahampitso tahaka ny fanovana fanadiovana faobe mahazatra ? Sady sabotsy no be ny olona tsy miasa.

**JUDD**

Depiote Roland Ratsiraka

# "Tsy rariny intsony ny delestazy any Toamasina ka tsy ekenay"



Naneho ny hatezerany manoloana ny fahatapahan-jiro naharitra 30 ora tany Toamasina nanomboka ny alarobia maraina teo ny depiote Roland Ratsiraka, solombavambahoaka voafidy tany an-toerana raha nanao valandresaka ho an'ny mpanao gazety teny Ivandry, omaly. « *Iray andro mahery izao tsy nisy jiro sy niaina tao anatin'ny haizina ny mponin'i Toamasina. Tsy misy mitondra fanazavana anefa ny tomponandraikitra ka dia raisiko ho tsy fanajana anay mponina izany. Aiza ve ka vola 500 tapitrisa Ar tsy ananan'ny fanjakana hiantohana ny solika ilain'ny JIRAMA hamerenana ny herinaratra any amintsika. Maro anefa ny olana naterak'izany raha tsy ilaza fotsiny afa-tsy ny fahasimban'ny sakafon'ireo manana hotely fandraisambahiny sy ny fikatsoan'ny asa rehetra miankina amin'ny herinaratra ary ny tsy fandriampahalemana. Koa tsy azo ekena intsony izany* » hoy ny depiote Roland Ratsiraka tamin'izany. Ny manahirana, hoy hatrany izy dia misy fanodikodinana maro samihafa ataon'ny tomponandraikitra mahatonga io fahatapahan-jiro goavana any Toamasina io saingy ny olon-tsotra hatrany no mizaka ny tsy eran'ny aina ao anatin'ilay izy. « *Maninona ireo trondro vaventy tsy misy miteny mihitsy. Ny manahirana, nidododo taty amintsika ny fitondram-panjakana tamin'ny andron'ny 08 marasa ary nandaniana vola amina miliara maromaro izany. Tsy misy anefa ny vola rehefa hamahana ny olan'ny delestazy* », hoy hatrany ny depiote Roland Ratsirana tamin'izany.

**Mamy R.**

Delestazy

# Nidina an-dalambe ny mponin'i Toamasina

Nisafidy ny nidina an-dalambe, nandoro kodiarana ary nitokona ny mponin'i Toamasina rehefa tapaka nandritra ny ora maro ny herinaratra. Omaly alina tokony ho tamin'ny 7 ora no nitranga izany ka ny kartien'i Mangarivotra sy Ambolomadinika hatrany Tanambao V no nahitana izany grevy izany. Mangataka ny hamerenana ny jirony faran'izay haingana ireo mponina. Nikaikaika ny mponina tao Toamasina nanomboka ny alarobia ary nitohy ny alakamisy maraina izany. Tapaka nandritra ny 24 ora mahery ny herinaratra tany an-toerana. Ireo mpiasa tena no tena nitondra faisana ka tafiditra tao anatin'izany ny cyber sy ny mpanao volo ary ny mpanjaitra, izay manenjika asa maro. Nanao fanambarana manokana ny oniversiten'i Toamasina tao amin'ny pejy facebook-ny fa noho ny tsy fahampian-tsolika fampihodinana ireo milina no anton' izany fahatapahana izany. Tara mantsy ny fahazoana izany. Efa voatondro fa hisy ny delestazy ao amin'ny faritry ny oniversite omaly alakamisy nanomboka tamin' ny 9 ora maraina hatramin' ny 4 ora tolakandro. Tetsy ankilan'izany, nohamafisina tamin'ny fametrahana mpitandro ny filaminana ny fiambenana ny foiben'ny Jirama ao Bazar Be.


Miezaka miaina amin'ny zava-misy ny mponin'i Toamasina.

Betsaka ireo naneho hevitra tao amin'ny tambajotrantserasera eo anoloan'ny fahatapahan-jiro lavareny tany Toamasina. Anisan' izany ilay mpihira fantadaza Shyn izay nilaza fa : *"Efa simba ny fananana, very asa, very client, dia mbola havela halalaka koa izany ny mpanao ratsy amin'ity haizina ity ? Ho aiza izany ny madinika ? Raha toa ka mba samy mahatsapa mety tsy maghany, fa rehefa ny madnika very asa ireo no tsy tara na tsy mahaloa ny faktiora maika ianareo manapaka tsy misy indra-fo. Raha ny olona mpampiasa courant dia nipetra-potsiny niaina ary ny hariva izao dia ho lasa mpiambina alina, sao tsy rariny."* Tsy vitsy ihany koa anefa ireo nandefa sary miaraka amin'ny sorabaventy mitaky ny hamerenana ny jiro ao amin'ny renivohitry ny toekarena.

**Foulpointe –Fenerive Est**

Etsy ankilan'izany, nisy ny filazana nivoaka tao Foulpointe fa ho tapaka nanomboka amin'ny 2 ora maraina hatramin'ny 9 ora maraina ny jiro any an-toerana manomboka ny alatsinainy hatramin'ny zoma ary rehefa faran'ny herinandro kosa hanomboka amin'ny 2 maraina hatramin'ny 7 ora maraina ary mitohy amin'ny 4 ora hariva hatramin'ny 6 ora hariva ny delestazy any Mahavelona taorian'ny fifampiresahana tamin'ny mpitondra fivavahana sy ny tomponandraikitry ny Jirama any an-toerana.


Any Fenerive Est ihany koa, nisy fanambarana navoakan'ny Jirama ny 13 martsa lasa teo fa noho ny fandaminana amin'ny fitsinjarana ny solika mavesatra, tsy maintsy mitsitsy izay tahirin-tsolika eo am-pelatanana ireo foibe famokarana herinaratra. Natao izany mba hisorohana ny fahatapahan-jiro faobe. Noho izany, voatery miroso amin'ny fahatapahan-jiro mifandmby ny jirama ary efa nanomboka tamin'ny 8 martsa 2024 lasa teo izany. Fantatra àry fa 18 ora amin'ny 24 ora ihany no mandeha ny herinaratra any Fenoarivo Atsinanana. Amin' ny tany mafana anefa, sady manimba sakafo voatahiry ao anaty vatafampangatsiahana izany no olana be amin'ny fiainana andavanandron'ny mponina ka tokony hitadiavana vahaolana faran'izay haingana.

**Nath**

Andravoahangy

# Hanaovana HIMO ny asa fanadiovana maika ireo lakan-drano

Vao mirotsaka bebe mandritra ny 5 minitra monja ny orana eto Antananarivo, manainga zipo ny eo Andravoahangy. Tsy azon' ny olona aleha fa na miroboka na manakarama ireo mpitarika sarety ary mandoa 500Ar ho solon'ny sarandalana. Anisan'ny faritra tsy afaka rano mihitsy iny faritra iny eny na herinandro maro aorian'ny fiaton'ny orana aza. Masiso ny rano mihandrona ary azo antoka ny voka-dratsy aterak'izany amin'ny fahasalaman'ny mponina eny amin'ny manodidina sy izay rehetra mandalo eny. Efa an-taona maro no nisy lavaka be eo Andravoahangy eo ka rehefa fotoam-pahavaratra dia misy foana ny fiara na moto latsaka ao. Tsy nety vita anefa ny asa na efa nanao antso avo tetsy sy teroa aza ny olona. Nandritra ny filankevitry ny minisitra ny alarobia teo, nankatoavina ny asa fanadiovana maika ao Andravoahangy noho ny fiverimberenan'ny olan'ny rano mihandrona izay nihombo noho ny habetsaky ny rotsak'orana sy ireo lakan-drano tsentsina, izay ahiana hitarika tondran-drano.


Toy izao ny fahavoazan'ny olona eny Andravoahangy eny rehefa fahavaratra toy izao.

**1 km**

Voalaza tamin'izany fa 1km ny lakan-drano mila fanadiovana maika ary misy koa ny asa fanamboarana ireo lakan-drano sasany izay efa potika tanteraka. Hotanterahina mandritra izany ny fanamboarana ny rindrin'ireo lakandrano efa misy, ny fanamboarana ny saron' ny lakankandrano miisa 9 ary ny fanadiovana ireo dalots, buses sy ireo lakandrano misokatra. Noho ny tahotra ny ho latsaka ao anaty lavaka, tsy menatra na mihafahafa fa mifampitantana ny olona mba hisorohana amin'ny ratra na filatsahana ao anatin'ireo lavaka maromaro hita eny. Toromarika nomen'ny filoha ny hanaovana asa tagnamaro, na Himo, izany asa izany mba ho fanampiana ireo fokonolona sahirana eny an-toerana sady hanampy amin'izay asa fanadiovana tokony hatao. Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny handraisan'ny fanjakana malagasy an-tanana, amin'ny alalan' ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ny fandaniana amin'ity asa maika tsy maintsy hatao ity. Efa sasa-miandry amin'ny fanombohan'ny asa ny olona satria mahatsiaro mijaly loatra.

**Nath**

Fianarana any Inde

# Misy ny vatsim-pianarana zaraina mandritra ny "Salon des Etudes et Bourses en Inde"

Tanterahina manomboka rahampitso alakamisy hatramin'ny zoma 15 martsa 2024 etsy amin'ny Radisson Tana Water Front Ambodivona ny "Salon des Etudes et Bourses en Inde. Oniversite indianina 9 no mandray anjara amin'izany ary samy manolotra vatsim-pianarana daholo izy ireo. Hanolokevitra sy hanampy an'ireo mpianatra maniry handranto fianarana any Inde izy rehetra ireo ary indrindra manampy amin'ny antontan-taratasy mety hilaina. Voafetra ihany anefa ny isan'ireo mpianatra afaka misitraka ny vatsim-pianarana ka misy ny fepetra takiana, indrindra fa ny mikasika ny naotin'ilay mpianatra. Ny fahaizana anglisy ihany koa, izay tsy mitaky diplaoma be akory fa ny fahaizany tany amin'ny lycée ihany, dia efa ampy raha ny fanazavan'ny tomponandraikitra. Ahitana ny karaza-dalam-piofanana maro ihany koa anefa amin' io hetsika io fa anisan'ny tena hanentanana ny Malagasy handray anjara dia ny siansa sy ny informatika. Ireo sehatra roa ireo rahateo mbola malalaka tsara ny sehatr'asa mety azo atao aminy, ary misy fivoarana foana. Mifanindran-dalana amin'io hetsika fampahafantarana ny lalam-piofanana any Inde io ihany koa ny "Salon des Etudes et Bourses en Inde", izay notanterahina any Toamasina omaly. Raha ny angom-baovao azonay, tanora malagasy am-polony eo foana no mahazo vatsim-pianarana isan-taona. Mety mitombo na mihena kely io antontan'isa io, miankina amin'ny fahazotoana sy fahaizan'ny mpianatra. Ankoatra ny vatsim-pianarana anefa, betsaka ireo mpianatra misafidy an'i Inde anohizana ny fianarana.

**Nath**

Samy...

## Manakaiky... vahoaka !

Folo andro no nomen'ny Filoham-pirenena ny mpitantana ny tanàna'Antananarivo vaovao hanadiovana ity renivohitr'i Madagasikara ity amin'ny fanalana ireo fako mivangongo etsy sy eroa. Asa moa raha azo lazaina, resaka isika samy isika ihany, ho isan'ireo fepetra sy asa manakaiky vahoaka izany ? Ny tsy azo lavina aloha, raha madio ny tanàna, tsy misy tsy misitraka izany na ny mponina na izay mandalo sy mivezivezy eto Antananarivo. Inoana fa tohin' io asa io ny firosoana amin'ny fikarakarana ireo lakan-drano tokony hikorianan'ny riaka mba tsy hanimba ny arabe tahaka ny etsy Andravoahangy. Miantraika mivantana amin'ny fiainam-bahoaka mantsy izany hampilamina ny fivezivezena sy ny fifamoivoizana ary ny fahasalaman'ny mponina. Eo amin'izay asa manakaiky vahoaka izay ihany, resaka isika samy isika ihany, isaorana ny mpitandro filaminana amin'ny ezaka ataony saingy indrisy toa takon'ny herisetra sy ny habibian'ny mpanao ratsy izany raha ny zava-misy ankehitriny : fanolanana, vono olona amin'ny fomba mahatsiravina, fanapahan-doha, fanendehana, halatra, vaky trano... Deraina ihany koa ireo mpanaramaso ny vidin'entana mitety tsena tsy mijery fotsiny ny vidin-javatra fa mitsirika ihany koa ny fitaovana fandanjana entana, saingy lasa toa maivana izany eo anatrehan'ny fahefamividin'ny mpanjifa mihamarefo hatrany. Mahafaly ny toky natao momba ny handaminana ny fahazoana tany, saingy toa mbola manjakazaka ny fangalaran-tany amin'ny endrika samihafa. Santionany ihany ireo, resaka isika samy isika ihany, fa ny irariana ho tonga any itony any amin'ny isambatan'olona ireo asa... manakaiky vahoaka !

**Herivonjy RAJAONAH**

...isika

Fitaterana an'hanabakabaka

# Hampiditra fiaramanidina roa vaovao ny fanjakana

Manarina tsikelikely ny sehatry ny fitaterana an'habakabaka ny fanjakana malagasy. Nolaniana nandritra ny filankevitry ny minisitra tamin'ny alarobia lasa teo ny didimpanjakana manome alalana ny Minisiteran' ny Toekarena sy ny Fitantanambola handefa antoka amin'ny anaran'ny fanjakana malagasy ao anatin'ny fifanarahana fampanofana fiaramanidina miisa roa vaovao hampiasain'ny kaompaniam-pitaterana "Madagascar Airlines" avy amin'ny orinasa ACIA Aero Leasing. Hahafahana mamita ny fifanarahana fampanofana mialoha ny hanasoniavana azy ity antoka ity. *"Vinavinaina ho tonga amin'ity taona ity any amin'ny volana jolay any ireto fiaramanidina ireto. Hanampy amin'ny fampitomboana ny fahatongavan'ny mpizahatany sy ny fanatevenana ny sidina anatiny."*, hoy ny minisitry ny fitaterana sy ny famantarana ny toetr' andro, Ramonjavelo Valéry. Tsiahivina fa efa nampiato ny sidina iraisam-pirenena ity kaompaniam-pitaterana an'habakabaka ity tamin'ny taon-dasa noho ny fahasahiranana ara-bola nianjady taminy, ary nilaza ny hifantoka kokoa amin'ny sidina anatiny. Mbola mila ezaka goavana ny sehatry ny fitaterana an'habakabaka amin'ny ankapobeny eto amintsika, satria maro amin'ireo seranam-piaramanidina 58 miparitaka manerana ny Nosy, araka ny nambaran'ity minisitra ity hatrany, no tsy nisy fanatsarana tao anatin'ny 20 taona.

**R. Muray**



Hahazo fiaramanidina roa ny "Madagascar Airlines".

Fiarovana ny sisintany

# Hotombanana ny asa vita


Fakan-tsary miaraka taorian'ny lanonam-panokafana ny atrikasa.

Iray amin'ireo firenena sivy novatsian'ny Vondrona Eôrôpeana vola amin'ny fiarovana ny sisintany i Madagasikara. Nanomboka tamin'ny taona 2021 ny fanatanterahana ny fandaharanasa miaraka amin'ireo Nosy rahavavy ao amin'ny Ranomasimbe Indiana andaniny sy ireo firenena aty amin'ny faritra Afrika Atsinanana sy Afrika Atsimo. Natomboka omaly teny amin'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny Anosy ary haharitra roa andro ny atrikasa fakankevitra nasionaly mikasika ilay fandaharanasa amin'ny fandrindrana ny sisintany sy ny fiarovana ny fitaterana an-dranomasina. *« Hotombanana mandritra ity atrikasa ity ny fanatanterahana ny fandaharanasa eo amin'ny sehatra nasionaly. Voalohany amin' izany ny fijerena ny misy ny firenentsika amin'ny fanatanterahana azy. Faharoa ny fijerena ny ho avy hatramin'ny taona 2026. Sehatra telo no iasana ao anatin'izany, dia ny fanamafisana ny fahaiza-manao sy traikefan'ireo minisitera sy antokondraharaha fito voakasika amin'ny fanatanterahana azy, ny fanatsarana ny lalàna momba ny filaminana an-dranomasina, ary ny fanatsarana ny fifanakalozam-baovao amin'ireo olana sy entana taterina andranomasina. Fanatsarana ireo endrika filaminana eny amin'ny sisintany sy eo amin'ny lafiny aro lozan'ny fifamoivoizana amin'ny fitaterana an-dranomasina amin'ny ankapobeny no tena votoatiny. »*, hoy ny tale jeneralin'ny APMF (Autorité Portuaire Maritime et Fluvial), Randriamanantena Jean Edmond. Eo ambany fitarihan'ny COI, na ny Vaomieran'ny Ranomasimbe Indiana, no hanatanterahana ity atrikasa ity. Raha ny fanazavana nomen'ny solontenan'ny COI dia hisy ny famoahana tondro zotra hoentina manamora ny fanatanterahana ny fandaharanasa mba ahitana fahombiazana amin'ny fandrindrana ny andraikitr'ireo mpisehatra maro lafy. Anisan'ny fanamby goavana ho an'i Madagasikara manokana ny fanamafisana ny fiambenana ny sisintany sy ny fitaterana an-dranomasina manoloana ny fitrongatry ny fanafihana andranomasina sy ny fitaterana harempirenena an-tsokosoko.

**R. Muray**

Minisitra Ravokatra Fidiniavo

# Nifampidinika tamin'ny Vondrona Eôrôpeana sy ny USAID

Nanao ranolava ny fihaonan'ny Minisitry ny rano sy ny fidiovana ary ny fanadiovana, Ravokatra Fidiniavo, tamin'ireo mpiaramiombona antoka vahiny. Omaly, nifandimby noraisiny tao amin'ny biraony ny Masoivohon'ny Vondrona Eôrôpeana eto Madagasikara, Isabelle Delatre Burger, sy ny Tale jeneralin'ny USAID, na ny Sampandraharaha amerikanina misahana ny fampandrosoana iraisam-pirenena, Michele Russell. Niaraka tamin'ny delegasionina avy any Bruxelles ny masoivohon'ny Vondrona Eôrôpeana, izay nahitana ny avy amin'ny BEI, na ny Banky Eôrôpeana ho an'ny fampandrosoana, sy ny Tale jeneralin'ny fifandraisana iaraisam-pirenena avy ao Bruxelles. Niompana tamin'ireo tetikasa tohan'ny Vondrona Eôrôpeana eo amin'ny sehatry ny rano sy ny fidiovana ary ny fanadiovana ny dinidiniky ny roa tonta ho fanamafisana ny fiaraha-miasa. Tafiditra ao anatin'izany ny PIAA (Programme Intégré d'Assainissement d'Antananarivo) andiany faharoa, ny AFAFI (Programme d'Appui au Financement de l'Agriculture et aux Filières Inclusives Autour d'Antananarivo) indrindra fa ny any amin'ny faritra Androy sy Anosy, ary ny JIRAMA Tana Water III. Ity farany, izay efa hiroso amin'ny fanaovana antso tolo-bidy amin'ny asa fanamboarana tobimpamokarana sy fanadiovana rano eny Amoronakona. Noresahana tamin'ity fihaonana ity koa ny fametrahana ny fandaharanasa vaovao « Pact vert » momba ny toetr'andro ary mahakasika ny sehatry ny rano sy ny fanadiovana ary ny fidiovana.

### 45 tapitrisa Dôlara

Noraisin'ny Minisitra taorian'ny delegasionin'ny Vondrona Eôrôpeana ny tale jeneralin'ny USAID. *« Efa hatramin'izay no nisian'ny fiarahamiasan'ny USAID tamin'i Madagasikara teo amin'ny sehatry ny rano, fanadiovana sy ny fidiovana ary mbola hohamafisina bebe kokoa izany »*, hoy ny Minisitra Ravokatra Fidiniavo. Anisan'ny vatsian'ity sampandraharaha amerikanina ity vola 35 tapitrisa Dôlara (157 miliara Ariary mahery) ny tetikasa « Rano maharitra ». Efa nanomboka tamin'ity taona ity ary haharitra dimy taona. Faritra fito no hahazo tombontsoa amin'ny fanafainganana ny fisitrahana rano fisotro madio, dia ny any Sofia, Betsiboka, Vatovavy, Fitovinany, Atsimo Atsinanana, Androy ary Anosy. Misy koa ny « Dio sera », na tetikasa fanadiovana an-tanàn-dehibe, izay nahazoana famatsiam-bola 10 tapitrisa Dôlara (45 miliara Ariary), ary tanterahina any Toamasina sy Fianarantsoa ary Mahajanga. Kendren'ny tetikasa ny hifehezana ny fiparitahan'ny diky sy ny fangerena an-kalamanjana. Nokendrena tamin'ity fihaonana ity ny fampiasana ny efa misy eo an-tanana, ny hamantarana ny mety ho loharanom-bola azo hetsehina, ny fanamafisana ny rafitra fanaraha-maso ny asan'ny mpiara-miombona antoka efa misy mba hahafahana mandrindra ny hetsika mifandraika amin'ny sehatry ny fanadiovana sy ny fidiovana. Anio zoma 15 marsa, dia hisy ny fihaonan'ny Minisitra amin'ireo mpisehatra sy mpiara-miombona antoka ara-bola sy ara-teknika amin'ny sehatry ny rano, ny fanadiovana sy ny fidiovana


Ireo delegasionina nihaona tamin'ny minisitra Ravokatra Fidiniavo.

**R. Muray**

## TENY REHETRA TENY

Sary : Yvon Ram/ Soratra JUDD)





Nifandimby noraisin'ny Minisitry ny Rano ny Fidiovana sy ny Fanadiovana Atoa Fidiniavo Ravokatra ny delegasiona ny Vondrona Eoropeana sy ny USAID.



Variana ery ireto ankizy mijery ny hankaton'ny zava-bita malagasy.



Tahaka izao ny akon'ny fifalian'ny rehetra nandritra ny fankalazana ny taom-baovao malagasy.

Racines - Star

# Zavapisotro vita avy amin'ny zava-maniry

Nampahafantarina tamin'ny fomba ofisialy omaly teny Andraharo ny vokatra vaovao navoakan'ny Star antsoina hoe Racines. Nanatrika izany ireo olomalaza mpifankatia ao amin'ny tambajotran-tserasera. Alcomix izy ity ary anisan'ny mampiavaka azy dia izy zavapisotro vita avy amin'ny zavamaniry misy eto Madagasikara. Tsy inona izany fa ny artemezia sy ny voan'ny kola. Nambaran'i Andrianina Rakotondraibe, tompo-nandraikitra eo anivon'ny Star, fa *"tsy eto amintsika ihany no ahitana ity zavapisotro ity fa manerana an' izao tontolo izao. Ary natao mifanaraka amin'ilay Racines efa misy ny vokatra avy eto amintsika, dia ny artemezia izay misy vokatra tsara eo amin'ny olona. Ho an'ny mpifankatia kosa no nampiasana ny voan'ny kola izay iarahan'ny rehetra mahay ny mety ho tombontsoa amin'ny fampiasana azy."* Enin-taona taorian'ny




Mbola amin'ny tavoahangy 33cl aloha no hahitana ity zava-pisotro vaovao Racines ity hatreto.

nanombohan'ny nampahafantarana ny alcomix ny fivoahan'ny Racines, izay marika panafrikanina. Vita avy amin'ny kola ary misy alikaola 5,5% izy ity, ary natokana ho an'ny olondehibe mitady fientanana vaovao. Hatreto dia amin'ny tavoahangy 33cl miloko volon-tany no misy azy ary haparitaka tsikelikely manerana ny Nosy ato ho ato.

Tanjon'ny Star amin'ny famokarana vokatra vaovao toy izao ny hanomezana fahafaham-po ny mpanjifa mitady zavatra miavaka sy tsy fahita foana. Efa manatona rahateo ny fetin' ny paska ka efa zary mahazatra ny olona ny fahitana vokatra vaovao toy izao avoakan'ny Star.

**Nath**

"Chorale Antsan'ny Fahazavana"

# Hitory an-kira ny vaovao mahafaly any Ambohibary Sambaina

Any Ambohibary Sambaina, faritra Vakinankaratra, no hitory an-kira ny vaovao mahafaly ny atoko mpihira Antsan'ny Fahazavana avy ao amin'ny EKAR Saint Sauver Antanety Mandaniresaka Antsirabe. Ao amin' ny Ekar Saint Joseph no hanatanterahana izany ny alahady 17 marsa izao manomboka amin'ny 1 ora antoandro. Araka ny fanazavana dia hira 19 eo no hataon'izy ireo mandritra ny seho, fa ankoatra ny hira dia misy ihany koa ny "Comédie Musicale". Santionany amin' ny hira hataon'izy ireo mandritra ny hesika ilay hira hoe "Omano dieny izao", "Fanoloran-tena", "Tena tsapanay" hira izay nahafantaran'ny olona azy. Fa ankoatra izay dia singanina manokana ihany koa ireo hira efa nivoaka kapila mangirana sy ireo hira vaovao hanomanana ny famoahana ny rakikira faha-3. Mivavaka, mandray andraikitra, mifankatia,



Mampiavaka ny Antoko mpihira Antsan'ny Fahazavana ny fiangaliana ny mozika klasika.

indrindra mitory ny vaovao mahafaly an-kira ary mba ho fahazavan'izao tontolo izao no tarigetran'izy ireo. Marihina fa Rakotondrabe Charles sy Andrianomenjanahary Joachim no namorona ny antoko mpihira Antsan'ny Fahazavana ny taona 1992. Amin'izao fotoana izao dia mahatratra 70 ny isan'ny mpikambana. Naina no mpitarika sy mpipaika hira, i Nono no manao ny rindram-peo miaraka amin'i Najaina Antsa mpitendry. Anisan'ny mampiavaka ny Antsan'ny Fahazavana ny fanaovana ny hira amin'ny mozika klasika fa amin'izao fotoana izao dia efa mivelatra amin'ny gadona hafa ihany koa izy ireo. Efa nitety faritra maro manerana ny nosy izy ireo nitory sy nihira ny vaovao mahafalay, ankoatra ny fitetezana fiangonana maro tao Antsirabe.

**Tiaray R**

## Sarisary zary tenany

**Firy ?**




## Hatsikana an-tsary

**Maizina**




## Masoandro miposaka

**Galatiana 3 : 15**


**15 Ry rahalahy - miteny araka ny fanaon'ny olona aho - na dia ny fanekena* ataon'olona ihany aza, rehefa vita mafy, dia tsy fanao ny manatsoaka na manampy izany. [* Na: didimpananana]**

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Tsy nahin'ny sosoa no nitobaka, fa ny mpandoatra no vinitra.**

Si le riz a débordé de la marmite, ce n'est pas qu'il l'ait voulu, mais c'est parce que celle qui le puisait était en colère.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3197**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | 3 | | 1 | | | |
| | 6 | 4 | | | | 7 | 3 | |
| | 1 | | | 9 | | | 5 | |
| 6 | | | 5 | | 3 | | | 2 |
| | | 2 | | 4 | | 1 | | |
| 7 | | | 1 | | 8 | | | 3 |
| | 7 | | | 3 | | | 6 | |
| | 3 | 9 | | | | 2 | 4 | |
| | | | 9 | | 5 | | | |

Valin'ny laharana **3196**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 4 | 7 | 6 | 1 | 5 | 3 | 8 | 9 | 2 |
| 3 | 5 | 2 | 7 | 9 | 8 | 6 | 1 | 4 |
| 9 | 1 | 8 | 2 | 4 | 6 | 3 | 5 | 7 |
| 7 | 9 | 5 | 4 | 6 | 2 | 1 | 8 | 3 |
| 2 | 6 | 1 | 8 | 3 | 9 | 7 | 4 | 5 |
| 8 | 3 | 4 | 5 | 1 | 7 | 2 | 6 | 9 |
| 1 | 8 | 9 | 3 | 7 | 5 | 4 | 2 | 6 |
| 5 | 4 | 7 | 6 | 2 | 1 | 9 | 3 | 8 |
| 6 | 2 | 3 | 9 | 8 | 4 | 5 | 7 | 1 |

Mahabo

## Zaza 5 avy eto an-drenivohitra, nobatain'ny teratany vahiny tao anaty fiara 4x4

Mbola mipetraka ny fanontaniana hoe hala-jaza ve no niseho sa fakana an-keriny ? Zaza 5 no voalaza fa nobatain'ny teratany vahiny tao anaty fiara ary hita any Mahabo. Ny iray tamin'ireo no tafaporitsaka fa ny ambiny kosa mbola tsy fantatra na efa votsotra na tsia. Tovolahy kely 12 taona ilay afaka nitsoaka raha ny fanazavana azo. Nirenireny tao amin'ny fokontany Besara, kaominina ambanivohitra Ampanihy, distrikan'i Mahabo, io zazalahy io. Raha ny fitantarany dia Rafanomezantsoa Bienvenu no anarany ary nilaza izy fa nisy vazaha telo nisambotra azy teny Ankatso Antananarivo ny alatsinainy lasa teo. Voalazany ihany fa dimy izy ireo no nentin'ny fiara tsy mataho-dalana. Araka ny loharanom-baovao dia mpianatra kilasy faha-5 ao amin'ny sekolin'ny Masera Ankatso izy ireo ary ao daholo no mianatra ireo namany efatra raha, ny filazany hatrany. Na izany aza tsy misy fantany ny anaran'ireo ankizy sasany. Tafaporitsaka ity zaza ity raha nijanona niantso olona tamin'ny finday teny an-dalana teo anelanelan'i Mahabo sy Morondava ireo vazaha nitondra azy ireo. Rehefa nanontaniana moa ny mpitandro ny filaminana dia nanamafy fa mbola mandeha ny fanadihadiana ary efa miroso amin'ny fikarohana an'ireo zaza 4 ambiny izy ireo. Andrasana araka izany ny tohiny. Nentina ao amin'ny tobim-paritra Mahabo ilay tovolahy kely, miandry ireo ray aman-dreniny sy ny havany.

**Deyland**

Tsiroanomandidy

## Dahalo roa lahy , tra-tehaky ny mpitandro filaminana

Nisehoan'ny fanafihan-dahalo ny tanànan'Ambohimahasoa, kaominina Tsiroanomandidy Fihaonana, distrikan'i Tsiroanomandidy, ny alarobia alina lasa teo. Dahalo roa lahy mitondra fitaovam-piadiana no nanao ny fanafihana. Saika handeha hamoaka ny omby rehetra tao am-bala izy ireo no tra-tehaky ny mpitandro ny filaminana. Raikitra ny fifandonana teo amin'ny andaniny sy ny ankilany ka nitifitra avy hatrany ireo mpitandro ny filaminana .Voatifitra araka izany ny dahalo iray ka naratra mafy.Voasambotra izy roalahy ireto.Tratra teny amin'izy ireo ny basy vita gasy sy ody gasy marobe. Natolotra ny fampanoavana ny alakamisy izy ireo ary naiditra am-ponja vonjimaika ao amin'ny fonjan'i Tsiroanomandidy.

**Rablaise**


# Gazetiko

Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 038 34 344 34
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 588 - 03 - 24
Isan'ny natonta : 25 000


**Nahandro**

### Saosety sy voanjobory

**Zavatra ilaina :** saosety, voanjobory, sakamalaho, tongolobe, tongologasy, anamalaho, voatabia.

**Fikarakarana azy :** Arotsaka anaty vilany ny voanjobory dia asiana rano ary ahandroina avela halemy. Rehefa hita fa mipasaka dia arotsaka amin'izay ny saosety efa voatetika. Avela hiarahiketrika. Etsy andaniny atao ny saosy voatabia sy tongolo nasiana sakamalahho voatoto. Arotsaka anaty vilany avy eo ireo dia alefa ihany koa ny anamalao. Rehefa miketrika elaela ary hita fa masaka dia esorina. Tsy atao be rano loatra. Azo aroso avy hatrany atao laoka.

## MANAMPY ANAO

**Permanences**
**09 mars au 15 mars 2024**

PHARMACIE DE GARDE

**ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7**

- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

**PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7**

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

**A.M.I.T.**

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

**AMBULANCE**

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-OI - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

## TELEVIZIONA

**MA TV MADAGASCAR**

06.00 : Oran'ny fanantenana
06.30 : Salama va
08.00 : Dessins animés
09.45 : Full Sport ®
10.00 : Film
12.00 : Météo
12.05 : A votre santé
12.30 : NEWS du 12H30
12.45 : VAOVAO 13H00
13.00 : A votre santé
14.00 : Film Comédie
16.00 : JOURNAL INTERNATIONAL
16.45 : Full music
17.00 : Dessins animés
17.15 : Royal Chapel
17.55 : Full Sport
18.10 : Ny Vehivavy
19.00 : Les infos de Ma-TV
19.10 : Série
19.30 : NY VAOVAON'NY MA-TV
20.30 : Film Dramatique
23.00 : Journal international
23.45 : Film Action
02.00 : Documentaire
04.00 : Ny Vaovaon'ny Ma-TV ®
04.30 : Série ®
05.00 : FAM ®

06.00 : Oran'ny fanantenana

**K**

06.00 : Musique
06.15 : So COOL
08.15 : Série
08.45 : Mozika
10.00 : Shopping TV
10.30 : Série
11.00 : Mozika
12.00 : Série
12.15 : Instafun
13.15 : Jv News ®
14.10 : Mecamag ®
14.30 : That's Hit
15.10 : Mozika
16.50 : Smiling Time
18.00 : After
19.25 : Le Journal
20.00 : NyVaovao
20.50 : Ankitsipo
21.50 : Cinéma
23.50 : NyVaovao ®
00.30 : Cinéma
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV

**RECORD TV**

05.30 : Réveil de la foi
06.00 : JOURNAL ®
06.30 : LA MATINALE
08.00 : DIVERTISSEMENT / DOC / DESSINS ANIMES / MAGAZINE
08.30 : TOI MON AMOUR ®
09.25 : MAGAZINE ET DESSINS ANIMES
10.30 : I-VAOVAO
12.30 : ASINTADO ®
13.10 : Hirantsika
14.30 : TOI MON AMOUR
15.30 : FILM
17.00 : Destination Malagasy
19.00 : J.RECORD
19.45 : ASINTADO
20.30 : ALEO RESAHANA ANAO NY SEHATRA
21.00 : PAROLE DE VIE
21.15 : FILM
23.00 : FILM
00.30 : FRANCE 24

**VIVA**

01.15 : Film
02.51 : Film
04.21 : Clips : Misy Raha ®
04.51 : Journal : Viva Événement VM ®
05.33 : Culte : Tsara taiza
05.38 : Information : Minute Fihariana ®
05.41 : Clips : Christian music
06.00 : Viva Prod : Viva Réveil
07.30 : Viva Prod : Viva Futbol Masters
07.43 : Série Act Av Po : ARROW
08.29 : Série : Star Wars: The Clone Wars
08.52 : Série : Parks and Recreation
09.22 : Série : Mr and Mrs Smith ®
10.12 : Film
11.38 : Série k-drama : Can we love ®
12.48 : Viva Prod : LALANA ®
12.58 : Clips : Je prie pour Madagascar – (ELIANDRY)
13.13 : Clips : Misy Raha
13.43 : Film
15.54 : Sport : Top Chrono ®
16.20 : Série k-drama : Can we love
17.30 : Série action : Severance ®
18.30 : Viva Prod : Game in ®
19.03 : BET 261
19.30 : Viva Prod : Viva Événement VM
20.10 : Viva Prod : Viva Futbol Masters
20.30 : Viva Prod : Viva Événement VF
20.50 : Talk-show : DATA
21.22 : Film nouveauté
23.17 : Viva Prod : Viva Événement ®
23.57 : LE FEELING DE TOUTES LES GÉNÉRATIONS

## TELEFAONINA ILAINA

**HOPITAUX ET CLINIQUES**

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

**ESPACE MEDICAL / SOS Médecins**

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

**CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL**

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

**AROVY CLINIC**

ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

**POMPIERS**

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

**POLICE SECOURS - GIR**

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

**COMMISSARIATS**

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

# Tafa…sika

Mialy Andriatsiferana

# "Toeran'ny nofinofy aty Chine raha fintinina ny amin'ilay hoe fifaninanana sy resaka sehatra"

*Nisy horonantsary nalaza tao anatin'ny tambajotran-tserasera nanomboka tamin'ny herinandro lasa iny. I Mialy tao amin'ny pazzapa Exceptional Voice tamin'ny 2018 (Fatoma no voalohany tamin'izany), nampiara-peo tamin'ny Sinoa telo. Nisongadina be i Mialy tao anatin'izany ary nampiaiky ny rehetra ny talentany.*

*Nisy ny resadresaka nifanaovanay taminy :*

***Gazetiko** : Mpanakanto malagasy mandranto fahalalana any Chine ianao. Nisy ny horonantsary malaza nandeha tamin'ny tambajotran-tserasera mikasika fifaninanan-kira. Nampiaiky ireo Sinoa ny nahita anao raha ilay horonantsary no jerena, ary hita fa tena nambabo olona maro ny fanehoanao ny kantonao. Iza marina moa ianao ? Tantarao ny mikasika io fifainanana voalaza io ?

**-Mialy** : *Randriantsiferana Mialisoa Rutha Esther no anarako. Teraka tamin'ny 12 aogositra 1995 tao amin'ny Camp Michelier Antsirabe aho. Nianatra teny sinoa tao amin'ny Confucius de l'université Antananarivo nandritra ny telo (3) taona. (2020-2023). Nahazo « licence » tamin'ny teny sy ny kolontsaina sinoa. Ny volana oktobra 2023 aho no tonga taty hanohy fianarana ihany. Mbola mpianatra aho izao. Mikasika ilay video hita tamin'ny tambajotran-tserasera indray. Fandaharana tao amin'ny televiziona iray antsoina hoe Mango Tv, ??????/wo xiang he ni chang/ no anaran'ilay fandaharana teto. Izay midika hoe "te hiarakihira aminao aho". Maka mpanankato iray izy ireo dia misafidy olona telo amin'izay liana sy mazoto hiaraka hihira amin'io mpanankato io. Betsaka ihany ny niatrika fifantenana fa izahay telo ireo no voafidy. Tamin'ny 8 martsa teo no nivoaka izy io. Avy any Fandriana aho.*

***Gazetiko** : Inona no tohin'iny fampiaraham-peo nataonao tao anatin'iny fandaharana tany Chine iny? Iza ny anaran'ireo bandy roa miara-mihira amin-dry reo ? Efa mpihira ve zareo ?

Tianay ho fantatra hoe ahoana no nahatonga tafiditra nandray anjara tao anatin'ilay fifaninanana ?

**-Mialy** : *Tena liana be amin'ilay tohiny daholo ny mpanao gazety (mihomehy kely) !.*



*Mba aleo angamba ho ahy angamba izay mety ho tohiny fa tsy dia te hilaza ny vinavinany mety ho tohiny aho.*

*Mipoaka eny foana izay tokony hipoaka. Fa ny faniriako fotsiny dia ny hanangana « scene de spectacle musicale » ngeza be ao Madagasikara. Rehefa any aoriana be any ka afaka manao izany aho. Na tsy izaho aza fa isika ! - ??? Li Chengxuan no anaran'ilay mpihira, teratany koreana. Iray ihany no mpihira eo fa izy roa lahy ireo olon-tsotra mitovy amiko ihany. Tsy misy tadidiko ny anarany fa azafady.*

***Gazetiko** : Inona no nahatonga anao nandray anjara tamin'io ?Ahoana ny fahitanao ny tontolon'ny artista mpihira any Chine raha miohatra ny aty ? Ny fomba fiasan'izy ireo ? Ny resaka fampisehoana sy fikarakarana fifaninanana ?

**-Mialy** *: Nisy fifaninanana iray izay tato amin'ny oniverstite, dia izaho no voalohany, dia nantsoin'izy ireo hanao casting. Wow… Ny aty chine ny olona nianatra nihira sy mahafehy ny resaka mozika no betsaka mihira aty. Ny 90% eo raha atao ny vinavina. Toeran'ny nofinofy aty Chine raha fintinina ny amin'ilay hoe fifaninanana sy resaka sehatra.*

*Aty mbola kely , vao manomboka mianatra, izany hoe eo amin'ny 4 taona eo dia efa ampianarina mozika, zavamaneno na izay zavatra tian'ny ray aman-dreniny hitarihana azy. Ny ankizy aty tena hoe feno be ny fotoananany. Noho ry zareo hoe tsy afaka miteraka afatsy tokana, dia miezaka ny ray aman-dreny hampisongadina ilay zanany iray iny. Tsy misy fotoana mihitsy ny ankizy manomboka 4 taona eo ho eo. Ohatra hoe tian'ny ray aman-dreniny ho mpihira dia efa ampianarina izay. Misy indray hoe haiady araka izay tian'ireo ray aman-dreniny.*

*Rehefa tonga eny amin'ny oniversite afaka baka indray ny ankizy, ka misafidy mianatra mozika na mihira, dia misy lalam-piofanana momba izany eny. Mamoaka diploma ambony momba izany ny oniversite aty ary betsaka ny tanora no misafidy ny resaka mozika io aty.*

*Fifaninanan-kira aty efa avolenta be. Ohatra ny hoe tany iray hafa mihitsy aty rehefa tonga eto Chine, manana « application » manokana mihitsy. Tsy mahazo manao fesiboky na whatsapp ireny fa manana ny « application » manokana izy ireo. Ohatra ny hoe miditra anatin'ny tany iray hafa mihitsy rehefa ato. Manana ny fomba fiainanana manokana izy. Tonga dia vita ato daholo hatramin'ny mampahalaza andry zareo amin'ny mponina ato ihany. Aty izao misy ireny fifaninana-kira ohatra ny hoe The voice in China, izay mitovitovy amin'ny any Belgika na Frantsa ireny ihany.*



**Dinika nifanaovan'i Fy**

## Zoma mahafinaritra

**Lico Kininike**

### Hampitsinjaka etsy amin'ny Le Glacier

Hangotrakotraka ny efitrano malalaky ny Le Glacier Analakely anio alina. I Lico, kintan'ny kininike, no hampitsinjaka ao an-toerana, manomboka amin'ny 9 ora alina. Anjaran'Antananarivo ny hihaona amin'ny tarika ao an-toerana anio, satria azo lazaina fa efa mihodina ny tarika amin'izao fotoana. Vao tonga avy nitety faritra tany amin'ny faritra atsimo iny izy ireo, izao tonga eto an-drenivohitra izao. Anisan'ny tarika mihodina be izy ireo eto amintsika ka hararaotina ihany ny fihaonana aminy amin'izao fiandohan'ny taona izao. Koa ho an'ireo mpankafy manokana andry Lico kininike dia ao amin'ny Le Glacier izy ireo anio alina.

**Nate Tex**

### Hivazo ao amin'ny Pim's Behoririka

*"Tsy miova", "Mahatalanjona", "Tantara mamy".* Sombiny amin'ireo vazon'i Nate Tex hanakoako ao amin'ny Piment Café Behoririka, anio ao anatin'ny fialambolin'ny zoma manifika. Fihaonana voalohany amin'ireo mpankafy an'i Nate Tex eto an-drenivohitra sy ny manodidina io hatramin'ny fiandohan'ny taona. Hifanotrona aminy, handravaka ny vazony ireo mpitendry matihanina sy kalaza toa an-dry Rico Rason (gitara beso); Fy Rajaofetra (vatamaroafitsoka); Manitra Rabarisoa (gitara), Micka Randrianarivo (amponga-maroanaka) ary Nah Arimanana (hitsoka sax). Hanomboka amin'ny 8 ora sy sasany ny fotoana.

**Eusebia**

### Hanafana ny Jao's Pub Ambohipo



Hanafana trano ! Izay no azo ambara amin'ny fiakarana antsehatra hotanterahin'i Eusebia ao amin'ny efitrano malalaky ny Jao's Pub Ambohipo, anio ao anatin'ny fialambolin'ny zoma manifika. Amin'ny maha mpitantana sady tompon'ity trano filanonana ity azy no hilazana izany, satria ao aminy ihany no hohafanainy. Manana sehatra hoentiny mampiriaria ny kantony izy, na mivelatra amin'ny fampiroboroboana ny kanton'ny artista namany ihany koa. I Eusebia sy ireo mpitendriny efa matihanina tanteraka no hiaraka hifarimbona aminy hampitotorebika ao an-toerana anio.

**Tarika Kiaka**

### Hampirevy rock ao amin'ny B'Art Haingo

Rehefa miresaka hoe B'Art Haingo, dia any an-drenivohitr'i Vakinankaratra izay ! Hifamotoana amin'ny mpankafy azy ao Antsirabe ny tarika Kiaka anio, ao anatin'ny fialambolin'ny zoma manifika. Hanomboka amin'ny 8 ora alina ny fotoana, izay hampireven-dry zalahy ireo vazony malaza rehetra tao anatin'ny taona maro nifandimby. Amin'ny ankapobeny, anatin'ny « cabaret » toy izao, dia ny hiran'ny tarika no omena lanja fa tsy mahasakana an-dry zalahy sy ny ambiansy tsy hitsangatsangana hitety ireo vazo rock tsy voafehin'ny fotoana sy ny elanelan-tany ihany koa ny fiarahana.

**Samoela**

### Etsy amin'ny Le Colisée Ampasanimalo

Eny amin'ny Le Colisée eny Ampasanimalo indray no hanolotra ny kantony ho an'ny mpankafy azy ny tarika Samoela. Antsoiny ho tonga hanotrona sy hiaraka hialavoly aminy avokoa na ny "Bandy Rangahy", na ry Kala menavolo, na ry Polisy malala, na ry Toavina sy ny maro hafa tsy voatanisy, indrindra ny "Bandy akama" rehetra. Hanomboka amin' ny 9 ora alina ny fotoana nomen'ny Be Mozika, mika-rakara ny hetsika ny rehetra. Tafiditra ao anatin'ny fanomanana ny fitetezana an'i Etazonia ity seho ity, ka ny endriky ny fampisehoana ataony any ivelany no hatolony ny mpankafy.

**Nangonin'i Fy**




**Nanomboka ny 7 martsa ny programme mentoring Hello Women. Vehivavy matihanina 50 no nofantenan'i Orange Madagascar hampiofana vehivavy tanora 50 mandritra ny 3 volana, hanamora ny fidiran'izy ireo amin'ny sehatr'asa teknika sy nomerika.**

orange™

GCL 775/15-4